# *Mahatsiaro Ny Tompo*

Misaotra anao. Ny Tompo hitahy anao, rahalahy. Faly ny tonga, izao hariva izao, ato amin'ny Assemblées de Dieu an'i Southside, mba hivavaka miaraka aminareo vahoaka, hankafy an'ity fiombonana tsara ity izay tsy isalasalana fa ankafizinareo tsy ankitsahatra.

2 Reraka kely fotsiny aho. Izahay omaly hariva dia tany—tany Tucson, ho an'ilay fanasana tany, ary izahay dia nanana fo—fotoana nahafinaritra tokoa. Nitahy anay ny Tompo. Ary niaina tamin'ny ampahany tsara tamin'izany aho, ny tontolo andro.

3 Noho izany, ankehitriny, izaho dia nihaona, nandre olona iray omaly hariva. Tsy nahafantatra ny zanakalahin'i Rahalahy Carl Williams mihitsy aho. Izaho, androany, dia nidera fotsiny an'io lehilahy tanora io izay nitsangana ary niresaka mikasika an'ilay—ilay fivorian'ny olona tanora io. Ary niteny tamin'ny zanakovavy aho. Hoy aho hoe, "Ankehitriny, ataovy ho raharahanao ny fahatongavana any."

Hoy izy hoe, "Tsy mahafantatra na iza na iza aho any."

4 Hoy aho hoe, "Na ianao hahafantatra olona iray, na ny olona rehetra no hahafantatra anao. Mandehana fotsiny, na ahoana na ahoana."

5 Ary mivavaka aho mba handraisany ny batisan'ny Fanahy Masina mandritr'io fivoriana any io.

6 Hoy aho hoe, "Io tovolahy mahafinaritra io dia nitsangana teo, ary ny tavany namirapiratra tamin'ny voninahitr'Andriamanitra!" Ary naveriko tamin'i Billy izany.

7 Nitsangana fotsiny izy ary nijery ahy, nanao hoe, "Dada, tsy fantatrao ve hoe iza io?" Hoy izy, "Zanakalahin'i Rahalahy Carl Williams io."

8 Eny, izany, izaho—fantatro fa avy amin'ny ankohonana tsara ianao. Raha ianao . . . Hitanao?

Tena faly aho ny tonga eto Phoenix izao hariva izao.

9 Eny, raha tsy i Rahalahy Pat Tyler itsy. Avy taiza marina ianao, rahalahy? Ataoko fa nanakana fiara ianao, avy any New York eto. Saiky tahaka an'izany fotsiny ilay izy.

10 Tsaroako ny nahita an-dRahalahy Gene, Rahalahy Leo, eto izao hariva izao, Rahalahy Ed Daulton, maro amin'ireo sakaizako manodidina eto, sy Rahalahy Ed Hooper. Ary, oadray, eto ambony eto izao hariva izao dia mahita tsara ny olona rehetra aho, ary afaka mijery ny manodidina, tsara.

11 Eny, reraka kely aho. Nandeha mafy aho, ary noho izany izahay dia—dia . . . ora lava. Ary izaho . . . Hoy ny vadiko hoe,

"Hono ho'aho, voamariko fa manomboka miteny amin'ny feonao faharoa ianao."

Hoy aho hoe, "Tsy maintsy mampiasa azy aho amin'ity fotoana ity."

12 Indraindray rehefa miresaka aho, dia mampiasa ambany, miresaka lalina ao amin'ny tendako, avy eo dia marary sy trotraka io ampahany io. Miakatra aho, ilay ampahany ambony, ary miresaka avy eo, tahaka an'izao. Tsy maintsy mianatra ny karazan-javatra rehetra isika rehefa miasa ho an'ny Tompo fotsiny, sa tsy izany, rehefa reraka isika?

13 Ary, oadray, manantena aho fa mpitoriteny ireto aoriana rehetra ireto. Raha izany no izy, oadray, dia ao amin'ny fiarahana tsara mihitsy isika izao hariva izao, andian-dehilahy tsara miara-mipetraka. Eny, mampahatsiahy ahy an'ilay teny fikasana izany, hoe, "Miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra isika, Kristy Jesosy," izay anadiovan'Ny Ràny antsika ho afaka amin'ny fahotana rehetra.

14 Ankehitriny dia hiezaka aho, marina tokoa, hamela anareo hivoaka aloha izao hariva izao. Tsarovy ankehitriny fa, rahampitso hariva, dia ho any amin'i Rahalahy Shores izahay. Izany ve no anarany? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Marina izany."—Mpand.] Rahalahy Shores, any amin'ny Eleventh sy Garfield. Assemblée de Dieu iray hafa any izany. Hia. Assemblée de Dieu any, ary ny Assemblée de Dieu Voalohany.

15 Ary avy eo aho dia hihaino an'ireto zalahy hafa ireto vetivety ankehitriny, mandra-pahatongan'ny Alahady heriny maraina, heveriko, hatramin'ilay fivoriana. Izaho dia . . . Hanana fotoana iray mahafinaritra isika. Tsapako fotsiny fa hanana fotoana tsara iray isika.

16 Ary ny tanjoko amin'ny fahatongavana eto dia karazana, oh, karazana mpisolosolo fotsiny, fantatrareo, mandehandeha manampy amin'ny toerana rehetra, sy fiombonana kely amin'ireo rahalahy, ary manana hariva iray eto sy etsy, mba hifankahafantatra. Ary—ary angamba misy fanahim-pifohazana kely iray manomboka handòna ny olona, ary avy eo dia manao an'izany handroso, izay vitantsika, ao anatin'izany, ary avy eo ilay faratampony lehibe. Ary heveriko, fa Rahalahy Oral Roberts no olona hitondra an'ilay faratampony amin'ity fotoana ity ao amin'ilay fanasana amin'ny Alatsinainy heriny hariva. Ary fantatro fa manantena fotoana iray lehibe isika, ary mandritra ny sisa amin'ny herinandro rehetra.

17 Noho izany dia mivavaha ho anay ankehitriny, ary mivoaha eny an-dàlambe, eny amin'ireo fefy sy làla-malalaka. Ary "anontanio" ve izy ireo? Tsia. "Tereo izy ireo." Tereo izy ireo, tereo izy ireo hiditra. Satria ho fotoana iray mahafinaritra izany hahazoan'i Phoenix ny famangiany lehibe izay ianareo . . . Ary fantatro fa hanaiky Andriamanitra rehefa vonona isika, eny,

tompoko, rehefa vonona isika. Ndao isika . . . Izany no antony hoe isika . . . isian'ireo fifohazana ireo, dia ny hiezaka hanatanteraka fepetra, ary mivavaha, ka miomàna mba hitrangan'izany zavatra izany.

18 Ankehitriny, alohan'ny anatonantsika ny Teny, dia ndao isika hiresaka amin'ilay Mpanoratra, raha manondrika ny lohantsika amin'ny vavaka isika. Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika sy ny fontsika miondrika amin'Andriamanitra, dia azoko antoka, ato amin'ny mpanatrika iray amin'izao hahabe izao, dia tsy maintsy misy fangatahana maro. Ary raha manana anankiray ianareo, ka te-hotsarovana eo amin'Andriamanitra, dia atsangano fotsiny ny tànanareo, ary ao ambadik'izany, dia manaova hoe, "Tompo, tsarovy aho."

19 Ry Rainay any An-danitra, Ianao no mahafantatra an'izay ao ambadik'ireo tànana tsirairay ireo. Ianao no mahafantatra an'izay nandalo tao an-tsain'izy ireo, ary Ianao dia mihoatra noho ny mahay mamaly ny fangatahana tsirairay. Ary mivavaka izahay mba Hanekenao an'izany, Tompo. Mangataka izahay mba hitsiky aminay ny Fankasitrahanao, izao hariva izao, amin'ny alàlan'ny fandrotsahana ny Fanahy Masina eo aminay.

20 Ary mahatsiaro, Tompo, mba, rahampitso hariva ao amin'ny—ny Assemblée de Dieu Voalohany, mba Handrotsahanao aminay indray an'ireo Fitahianao. Ary avy eo any amin'ny Ramada, ilay famaranana ny herinandro, O Andriamanitra, enga anie hisy olona an-jatony ara-bakiteny ho voavonjy. Ekeo izany, Tompo. Enga anie mba hisy tena—tena firotsahan'ny Fanahy tahaka an'izany hany ka tsy afaka hihazona ny filaminany intsony ireo gazety, fa tsy maintsy hamoaka amin'ny besinimaro an'izay vita izy ireo. Ekeo izany, Tompo.

21 Ampahafantaro ny Olonao fotsiny ny Tenanao, Tompo. Enga anie ny fon'izy ireo manetry tena hiakatra amin'ny finoana ka hino fa hahazo an'ireo zavatra izay angatahinay izahay.

22 Avy eo dia hivavaka izahay, Tompo, ho an'ireo izay te-ho eto izao hariva izao nefa tsy afaka tonga eto. Marary sy ory izy ireo, ary—ary ao amin'ny toerana tahaka an'izany ka tsy afaka tonga teto izy ireo. Mivavaka ho azy ireo izahay, Tompo. Enga anie ny Fanahy Masina hamangy ny isan'isany sy ny tsirairay avy.

23 Tahio ireto rahalahy izay tonga avy any amin'ny làlana lavitra nitety an'ireo saha misy lagilasy ireto. Ary maro no mbola eny an-dàlana, ho avy. Arovy izy ireo, Tompo. Ento ao amin'ny fiarovana izy ireo.

24 Ankehitriny, tahio ity Assemblée ity, ity pasitera mahafinaritra ity, ny fiangonany, ireo mpitantan-draharahany, ireo diakony, ary izay rehetra tohanan'izy ireo, Tompo. Mivavaka izahay mba Hombanao azy ireo sy hanampianao azy ireo. Ankehitriny dia mivavaka izahay mba Hanomezanao anay

Ny Teninao. Afaka mamaky Azy fotsiny ihany izahay, Tompo, ary mamaky ny lahateny. Ianao no tsy maintsy manome ny foto-kevitra, ka miantehitra Aminao izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

25 Ao amin'ny—ny bokin'ny Korintiana Voalohany, ny toko faha-11. Raha misy olona. . .Fantatrareo, mazàna ianareo dia tia mamaky, na mandray naoty toerana iray, manao hoe, "Izaho. . ." Mety hahita zavatra ao ambadik'izany ny olona iray izay hahafahan'izy ireo mandalina an'izay voalaza angamba. Na ireo mpitoriteny, ary indraindray ny laïka, mandray an'izany ary—ary mamerina mamaky an'izany, ary mihaino an'izay voalaza. Imbetsaka aho no manao an'izany, mandray naoty lahateny iray. Noho izany raha tianareo ny hamaky manaraka anay izao hariva izao, dia mamadiha ao amin'ny Korintiana Voalohany, ny toko faha-11, ary hanomboka hamaky eo amin'ny andininy faha-23 isika.

> *Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo izay natolotro anareo koa, Fa ny Tompo Jesosy tamin'io alina io ihany. . .izay namadihana azy dia nandray ny mofo:*
>
> *Ary rehefa nisaotra izy, dia novakiny izany, ka hoy izy, Raiso, hano: ity no tenako, izay vakina ho anareo: izao no ataovy ho fahatsiarovana ahy.*
>
> *Dia toy izany koa no nandraisany ny kapoaka, ary rehefa nihinana izy, nanao hoe, Ity* no kapoaky *ny fanekena vaovao amin'ny ràko: izao no ataovi*nareo, *na oviana na oviana no misotro azy ianareo, ho fahatsiarovana ahy.*

26 Ary ankehitriny ho an'ny lahateny iray, dia tiako ny haka avy eo hoe: *Mahatsiaro Ny Tompo*.

27 Ankehitriny, mazava ho azy, na iza na iza, dia fantatsika rehetra, ao—ao amin'ny fiangonantsika, dia mamaky an'ity isika amin'ny fotoan'ny Fandraisana isan-kariva. Ary izany dia ny—ny—lahateny lehibe iray ho vakiana, na Soratra lehibe tamin'izany fotoana izany, ary ampiharina izany eto. Fa ireto teny ireto fotsiny no nilaiko, "Ho fahatsiarovana Ahy."

28 Ankehitriny, ny Fandraisana dia efa fifamaliana lehibe imbetsaka nanerana an'ireo taona, teo amin'ny Protestanta sy ny Katolika. Milaza izy ireo fa mandray an'io fandraisana io ny Katolika, ary mandray an'izany amin'ny fanantenana fa nanao zavatra iray izy ireo mba ho mendrika zavatra tsara iray, mba ho voavela ny fahotan'izy ireo amin'ny fanaovana an'izany. Ny Protestanta dia mandray an'izany ho fahatsiarovana fa efa namela azy ireo Kristy, ary mandray an'izany am-pifaliana izy ireo hoe efa voavela izy ireo.

29 Manohy milaza i Paoly eto, hoe—hoe, ahoana no hanatonana ny latabatry ny Tompo. Raha misy zavatra tsy mety, dia ahitsio izany alohan'ny hahatongavana eo. "Fa izay mihinana

sy misotro tsy am-pahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo." Ary ankehitriny isika dia tena, tena tokony ho ao amin'ny vavaka betsaka rehefa mandray ny Fandraisana.

30 Fa imbetsaka aho no nanontany raha, io teny io, mampiasa azy tsara mihitsy isika, *fandraisana*. Ankehitriny, *mifandray* dia midika hoe "miresaka amin'ny," hitanareo, "mifandray amin'ny." Ary manontany aho raha marina tokoa, rehefa mihaona miaraka tahaka an'izao isika ao amin'ireo toeran-Danitra, raha tsy izany no fandraisana, hoe mifandray amin'Andriamanitra isika, miresaka Aminy.

31 Ary, avy eo, raha mipetraka tsara fotsiny isika ka mamela Azy hamaly antsika! Zavatra maro, ary ny iray amin'ireo zavatra mahatsiravina izay ataoko, dia izaho no miezaka manao ny firesahana rehetra, fa—fa tsy mipetraka tsara ela mba Hamaliany ahy. Imbetsaka isika no manao an'izany ao amin'ny vavaka. Heveriko fa raha hanala avy ao am-pontsika an'izay ao anatiny isika, ka haneho ny tenantsika amin'ny Tompo Jesosy, ary avy eo dia handohalika fotsiny, ka hipetraka tsara vetivety ary—ary hahita fotsiny an'izay Havaliny antsika. Hitanareo?

32 Ary indraindray aho dia nanao an'izany, ary niova ny hevitro manontolo, hitanareo. Handeha hangataka zavatra Aminy aho hoe, "Ankehitriny, Tompo, ireto olona ireto, marina tokoa, manana zavatra izy ireo. Izaho—mino aho fa mila ahy ho any izy ireo." Ary hanomboka hivavaka fotsiny aho, ary ny zavatra voalohany fantatrareo, izaho—afa-po fotsiny aho fa izany no sitrapon'ny Tompo; saingy, rehefa avy mivavaka aho, raha izaho fotsiny—maharitra vetivety fotsiny, hitanareo, amin'izay fotoana izay ilay izy dia miova, tanteraka, indraindray, nandefa any an-kafa any ho any. Mifandray amin'ny Tompo fotsiny. Oh, fiombonana be voninahitra toy ny inona, ny mandohalika fotsiny ary miresaka, sy mifandray, ary miandry Azy hamaly.

33 Ary ny mieritreritra hoe Olona iray lehibe toy ny inona no iresahanareo, ilay Mpamorona Izy tenany, ary mifandray Aminy Izay nametraka ny ainareo tao anatin'ity lavenom-bolokano izay iainanareo ity. Ary avy eo dia tsy maintsy hiala eo ianareo indray andro any, ary avy eo dia eo an-Tànany ny andehanan'izany manomboka eo. Ary manana tombontsoa ianareo ankehitriny ny hanao ny safidinareo hoe làlana iza no andehanan'io fanahy io rehefa miala izy.

34 Ary tena zavatra iray mahafinaritra toy ny inona ny mifandray Aminy eo amin'ny fototr'ireo Fampanantenany, avy eo dia mandre Azy mifandray aminareo indray, ka manao hoe, "Tsara ny rehetra." Oadray, izany—maneho azy tsara marina tokoa izany. Tsy mila miantehitra amin'ny fanekem-pinoana iray isika. Tsy mila miantehitra amin'ny—amin'ny dogma iray isika. Ny zavatra tokana tokony ataontsika dia ny mahafantatra

fotsiny fa Izy no manambara Ny Teniny, hoe milamina hatreo izany, ary izay ihany ny amin'izany. Amin'izay fotoana izay dia mikodiadia miala ilay enta-mavesatra.

35 Nieritreritra ny fanatonana an'ity latabatra ity aho, izay antsointsika izao hariva izao, ankehitriny fa vao avy nambarako izany hoe izany dia fandraisana fotsiny izay mitovy mihitsy amin'ny hoe mandray an'izay antsointsika hoe ny sakafo harivan'ny Tompo.

36 Fantatrareo, ireo vahoaka tatsinanana tany ireo dia nanao an'io zavatra io nifangaro tanteraka, ary—ary tsy afaka hanitsy azy ireo aho eo amin'izany. Ary ny any avaratra rehetra any, dia entin'izy ireo any amin'izay andehanako hisakafo hariva aho, nefa milaza izy ireo fa sakafo amin'ny andro izany. Izaho—izaho. . . Milaza izy ireo fa sakafo maraina izany, sy sakafo maivana amin'ny antoandro, ary—ary—ary—ary sakafo antoandro. Ankehitriny, aiza no miditra ny sakafo harivako? Miezaka aho ny hahafantatra. Hitanareo? Ary hoy izy ireo, "Oh, izay ihany."

37 Hoy aho hoe, "Fa tsy izany ilay izy, tsy nandray ny sakafo atoandron'ny Tompo isika. Izy dia niantso an'izany hoe sakafo hariva, ny sakafo harivan'ny Tompo." Ary tsapako toy ny hoe tsy nahazo sakafo iray aho, raha miantso an'izany ianareo, manomboka miantso azy tahaka an'izany.

38 Fa ankehitriny rehefa tonga miaraka tahaka an'izao isika, dia midina eo Andriamanitra. Ary ny—ny latabatra Fandraisana dia mamaky marina tokoa, ireo vatana novakivakiana. . . ny vatan'ny Tompo izay zaraintsika eo anivontsika. Ankehitriny, izany no vatana ara-bakiteny, an'ny—ny mofo izay vakintsika, maneho ny Vatan'i Kristy.

39 Efa voamarikareo ve tamin'ny Andron'ny Pentekosta, zavatra lehibe toy ny inona no ananantsika eo? Hoe, Andriamanitra, Izay nitarika ny zanak'Isiraely nanerana ny an-efitra, Izy, ilay Andry Afo lehibe, ary tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia nilatsaka io Afo lehibe io, ary avy eo nizara ny Tenany teo anivon'ny Olony. Oh, ny mieritreritra hoe ahoana fa Tiany isika hiara-hipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra, avy eo, ny tsirairay dia misitraka an'io hafanan'ny Afon'ny Fanahy Masina io. "Lela nizarazara no nipetraka teo amin'izy ireo tahaka ny Afo, lela Afo," Andriamanitra mizara ny Tenany eo anivon'ilay Fiangonana. Oh, izany ve tsy, na izany aza, hanao ny fontsika hirehitra fotsiny. Amin'izany fotoana izany no ahafahantsika mivory ao amin'ireo toeran-Danitra.

40 Ankehitriny, fantatsika fa ny Latabany, izay ipetrahan'ny olona miaraka sy iombonany Aminy, dia tahaka ny tany misy rano iray ao amin'ny tany efitra iray. Ary tany misy rano iray, ao amin'ny tany efitra, izay misy loharano lehibe, izay ahatongavan'ireo mpandeha sasatra ka mipetraka manodidina

an'io tany misy rano ao amin'ny tany efitra io, ary—ary mampangatsiatsiaka ny tenany, ary avy eo dia mahatsiaro hoe ahoana no nahatongavany teo.

41 Ary tahaka an'izany ilay izy ao amin'ny Fiangonana, hoe, ity latabatry ny fandraisana ity izay misy ny fitahian'Andriamanitra rehetra, ny Filazantsara feno, ny zavatra rehetra izay ananan'Andriamanitra ho an'Ny Fiangonany, dia voaseho eo, napetraka eo anivontsika. Ary izany dia tahaka ny—ny tany misy rano iray ao amin'ity tany efitra mahamay, mirehitra, mpanota izay tetezintsika ity. Ary avy eo rehefa tonga isika, ka miresaka, dia mamaky an'ilay lisitry ny sakafo, ary avy eo dia hitantsika fa mitodika Izy, ary tsy vaovao avy amin'*ity* Izy, na vaovao avy amin'*itsy*, na *ity* notapahana ity, fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Manana ny zavatra rehetra Izy eo amin'ilay lisitry ny sakafo, vonona ny hizara an'izany. Izany ilay ampahany tsara. Noho izany dia afaka mijery an'ilay lisitry ny sakafo fotsiny isika ary maka fotsiny an'ilay zavatra manontolo. Tiako fotsiny ny, tiako ilay sakafo feno, ary ianareo? Tiako fotsiny ny maka an'izany.

42 Ary raha mbola mankafy an'ireo fitahiana ireo isika, ny tsirairay mahatsapa Ny Fanatrehany, ka manao hoe, "Amena. Deraina Andriamanitra! Haleloia!" sy ny sisa, ao amin'izany dia afaka mahatsiaro an'ilay Anankiray izay nitondra an'izany ho antsika isika sy nanao an'izany ho azo atao, ny fahafatesan'i Jesosy Kristy Tompo, ilay Zanak'Andriamanitra. Tsarovy Izy. Heveriko fa izany no, imbetsaka, hoe angamba mankafy fitahiana tena betsaka isika, ka adinontsika fotsiny hoe avy aiza izy ireo.

43 Gaga aho indray mandeha. Nandeha niaraka tamin'ny andiana Kristiana avy amin'ny fiangonana anankiray aho, ary nipetraka mba hihinana izy ireo, ary tsy niverina nisaotra an'Andriamanitra mihitsy, nohon'ny sakafon'izy ireo. Eny, nihevitra aho fa somary hafahafa ilay izy. Dia nandeha tany amin'ny trano iray hafa aho, ary izy ireo, dia mbola, nandroso fotsiny izy ireo ary nihinana. Ary izaho—nanontany an'izany aho. Dia hoy izy ireo hoe, "Oh, eny. Izany fotsiny dia, Andriamanitra fotsiny no manomana an'izany, na ahoana na ahoana. Hitanareo?"

44 Hoy aho hoe, "Mampahatsiahy ahy ny kisoa iray eo ambanin'ny hazo paoma iray izany, fantatrareo. Hilatsaka ireo paoma, ka hamely azy eo amin'ny loha mandritra ny andro manontolo; tsy hiandrandra mihitsy izy, hahita hoe avy aiza izy ireo."

45 Ary izany, fantatrareo, isika, heveriko fa ahazoantsika tombony ny mijanona ka miandrandra, hahita hoe avy aiza ireo zavatra ireo. Oh, lehibe toy ny ahoana ny mahatsiaro ny Tompontsika, mahatsiaro an'izay rehetra Nataony ho antsika,

ary mahatsiaro fa tsy nisy olon-kafa afaka nanao an'izany ho azo atao. Tsy misy na inona na inona afaka nanao an'izany ho azo atao afa-tsy ny Tompontsika. Ary Nataony tena maimaimpoana izany, nefa tsy nisy olona mendrika teo; tsy nisy mpaminany, tsy nisy olon-kendry, tsy nisy manam-pahefana, tsy nisy mpanapaka, tsy nisy mpanjaka. Tsy nisy afaka nanao an'izany afa-tsy ny Tompo Jesosy, Izy tenany, ary Nataony tena an-tsitrapo ho antsika izany. Ndao fotsiny isika hahatsiaro. Nataony ho an'ireo Zanany izany nanerana an'ilay taona.

46 Ndao isika hiresaka mandritry ny fotoana fohy fotsiny ankehitriny mikasika zavatra iray izay tokony ho tsarovan'ny olona iray. Heveriko fa, any amin'ny Voninahitra izao hariva izao, dia misy lehilahy iray amin'ny anarana hoe Noa, ary azo antoka fa manana betsaka marina tokoa hahatsiarovana ny Tompo izy. Satria tamin'ny andro izay nandringanan'Andriamanitra ny faharatsiam-panahy rehetra hiala amin'ny tavan'ny tany, dia nahatsiaro an'i Noa Andriamanitra. Ary tsaroan'i Noa hoe ahoana no nahafahany nandositra ny fahatezeran'Andriamanitra, nohon'ny famindrampon'Andriamanitra. Ahoana fa ireo—nanomboka nikoriana teny an-dàlambe ireo rano be, ary nihorakoraka ny rivotra, ary niendaka avy teo amin'ny tendrombohitra ireo vatolampy! Ary tafio-drivotra mahatsiravina toy ny inona! Lasa ireo trano, ary vaky ireo loharano, ary nampidirin'Andriamanitra tao anatin'ny sambofiara i Noa. Ankehitriny, raha tsy izany no toerana iray mahafinaritra hahatsiarovana Azy, hia, eny, ny ao anatin'ny sambofiara, voaaro tsara eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, mba hiaina miaraka Aminy!

47 Avy eo dia afaka miantso vondron'olona iray hafa isika, na farafahakeliny telo no ho lazaiko, ary izy ireo dia nantsoina hoe Sadraka, Mesaka, ary Abednego. Ahoana fa niandany tamin'Andriamanitra izy ireo, nahatsiaro fa mihazona ny Fampanantenany Izy! Ary ahoana fa, tamin'ity ora lehibe ity, nohon'ny fijoroan'izy ireo, na dia ireo rahalahiny manokana aza, maro tamin'izy ireo, dia niverina nankany amin'izao tontolo izao. Saingy nijoro izy ireo, tsy mampaninona, ary niandany tamin'Andriamanitra izy ireo. Ary rehefa nafanaina hafana impito heny noho ny hany nahafana azy tany aloha ilay lafaoro, dia natosik'izy ireo tao anatin'io lafaoro io izy ireo.

48 Ary afaka mahatsiaro tokoa an'io Lehilahy fahefatra izay niaraka tamin'izy ireo tao anatiny tao io izy ireo, izay nisakana ny rehetra—ny hafanana sy ny fahafatesana hiala lavitra azy ireo. Misy zavatra mikasika an'io Lehilahy fahefatra io. Mety hiresaka momba Azy vetivety aho, eny, tompoko, hoe ahoana fa Izy no hany Tokana izay afaka nanao an'izany ho azo atao. Tsy nisy olon-kafa afaka nanao an'izany afa-tsy io Lehilahy fahefatra io. Ary Izy no ilay Anankiray izay nanomana fiainana,

tao anatin'ireo valanoranon'ny fahafatesana. Amena. Ary Izy—Izy no nihazona ny firedaredan'ny afo, ary nitahiry azy ireo. Ary, oh, raha mbola mety misy fahatsiarovana iray foana, dia tsy ho levona mihitsy izany, noho izany dia afaka mahatsiaro an'io andro lehibe tany Babylona io izy ireo.

49 Nisy lehilahy iray hafa tany Babylona tany, afaka mahatsiaro koa, ary Daniela izany, rehefa nanapa-kevitra tao am-pony izy fa tsy handoto ny tenany amin'ny zavatr'izao tontolo izao.

50 Fijoroana iray tsara horaisina izany. Eo no tokony handraisantsika olona, somary manery an'ilay fiadiana ho tery kely kokoa. Izay ilay izy. Tsy handoto ny tenantsika amin'ny zavatr'izao tontolo izao isika, tsy mampaninona izay ataon'ilay fiangonana hafa. Ny tenantsika, hanery an'izany isika. Hijanona tsara amin'ity Teny ity isika.

51 Tsy mampaninona izay tonga sy lasa, tsy mandoto ny tenantsika isika. Raha te-hanao an'izany ny sisa amin'izy ireo, dia mandrosoa ka ataovy ilay izy. Raha te-hanapaka ny volony ireo vehivavy, dia avelao izy ireo hanapaka an'izany. Isika tsy manapaka. Marina izany. Raha te-hanao lokon-tarehy izy ireo, dia avelao izy ireo handeha. Na inona na inona io karazan-javatra io, mandoko, avelao izy ireo handroso ary hanao an'izany. Isika tsy hanao an'izany. Raha milaza ny sisa amin'izy ireo fa afaka mifoka sigara sy milamindamina, eny, avelao izy ireo handroso. Fa isika tsy hanao an'izany. Izay ihany. Ah-hah. Ny sisa amin'izy ireo dia afaka mandeha mody, mampirava ny Alahady—sekoly Alahady aloha, ho an'ny fandaharan'ny televiziona, na Alarobia hariva, mamela an'ilay fivoriana manontolo ho an'ny fandaharana anankiray. Tsy mampaninona izay ataon'izy ireo, isika hanompo ny Tompo.

52 Haka an'ilay toerana tahaka an'i Josoa isika hoe, "Fa izaho sy ny ankohonako, dia hanompo ny Tompo izahay." Mahatsiaro an'izay Nataony isika mba hitondrana an'ity fitahiana ity ho antsika, ary ankamamintsika betsaka izany ka tsy afaka mandoto an'izany amin'ny fomba rehetra isika. Haren'ny Fiainana Mandrakizay izay ananantsika izany, ary tsy te-handoto ny tenantsika velively amin'ireo zavatr'izao tontolo izao isika, tsia mihitsy.

53 Ary nanapa-kevitra an'ilay zavatra iray ihany tao am-pony i Daniela, na dia lasa olom-pirenena iray aza izy tany; saingy tsy nohon'ny safidiny, satria vahiny iray izy. Ary ny Kristiana tsirairay nateraka indray dia vahiny iray vantany vao nateraka indray izy, satria an-dàlana mankany An-danitra izy. Ny—any An-danitra no mipetraka ny fananany.

54 Ary teto fotoana vitsy lasa izay, izaho sy ny vadiko, teo amin'ny roa taona lasa izay, dia. . .Rahalahy Mercier sy izy ireo dia mety hitsiky kely amin'ity, mba ilazana azy. Nankany amin'ny toeram-pivarotana lehibe izahay. Ary any an-

tanànanay, izany dia . . . Oh, misy olona mpivavaka maro, modyantsoina. Saingy izahay dia nahita ve—vehivavy iray izay nanao zipo, ary izany no zavatra hafahafa indrindra, satria toa tsy nisy tamin'ny sisa tamin'izy ireo nanao anankiray. Ary—ary noho izany dia mahafantatra maro amin'ireo izahay izay mihira amin'ny antoko mpihira sy ny zavatra rehetra. Ary ny . . . ary noho izany izahay . . . Hoy ny vadiko tamiko, hoy izy hoe, "Eny, nahoana?"

55 Dia hoy aho hoe, "Eny, hitanao, izy ireo dia tsy—tsy avy amin'ny maha-olom-pirenentsika izy ireo."

Hoy izy hoe, "Inona?"

Hoy aho hoe, "Tsia, izy ireo tsy avy amin'ny antsika . . . "

Hoy izy, "Amerikana izy ireo, sa tsy izany?"

56 Hoy aho hoe, "Azo antoka. Amerikana izy ireo. Mety ho marina tokoa izany."

57 Hitako amin'ny fandehanana, amin'ireo asa, ao amin'ny asa misionera ary manerana an'izao tontolo izao, mandeha aho any—any Alemaina, dia misy fanahim-pirenena iray, antsoina hoe, fanahy Alemana izany. Izany no fanahin'ilay firenena. Mandeha any Soisa aho, hitako, ireo rahalahy fotsiny, saiky miteny amin'ilay fiteny iray ihany, saingy misy fanahy iray hafa. Hitanareo? Ary fanahy hafa izany any Soisa. Avy eo dia tonga any Finlande aho, fanahy hafa iray tanteraka izany. Avy eo dia tonga eto Amerika aho, misy fanahin'i Amerika iray. Marina izany.

58 "Eny, hoy ianareo, isika ve tsy . . . " Hoy izy hoe, "Tsy olompirenena Amerikana ve isika? Fa maninona ny vahoakantsika no, *izao-sy-izao*?"

59 Dia hoy aho hoe, "Eny, hitanao, malala, hitanao, ny firenena tsirairay dia miaina, eo amin'ny fanahin'ny firenena. Izany no fanahim-pirenena."

60 Hoy izy hoe, "Eny, noho izany, dia tsy tokony hiaina amin'ny fanahy Amerikana ve isika?"

61 Hoy aho hoe, "Oh, tsia." Hoy aho hoe, "Nateraka indray isika. Miaina amin'ny Fanahin-Danitra isika, izay misy ny fahamasinana, ny fahamarinana."

62 Ary isika, tsy Amerikana isika, mba ilazana azy, satria firenena iray eto an-tany fotsiny i Amerika. Fa rehefa ny lehilahy avy any Alemaina, avy any Soisa, na mety ho aiza na aiza izy, rehefa lasa nateraka avy any An-danitra izy, dia mandray ny Fanahin-Danitra. Ary ny natiorany sy ny toe-batany dia mitady an'ireo zavatra any ambony, izay ipetrahan'i Kristy eo ankavanan'Andriamanitra. Amena. Oh, ahoana no tokony hahatsiarovantsika fa, fa Izy dia maty mba ahafahantsika ho voaisy manda amin'izany zavatra izany, vita vaksiny. Marina izany.

63 Ny zava-maniry salama tsara iray dia tsy. . .Tsy mila mamafy fanafody zava-maniry salama tsara iray ianareo. Tsy hipetraka eo amboniny ireo bibikely, na ahoana na ahoana. Marina izany. Tsy hisy bibikely hanelingelina ny zava-maniry salama iray. Io karazana ao amin'ny trano mafana io no tsy maintsy fafazana fanafody isan'andro, karazana raharaha mifangaro iray. Ary tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Tsy maintsy mamafy fanafody sy mandrotsirotsy be loatra an'ilay fiangonana isika. Tokony ho isam-batan'olona henjana an'i Kristy izany, voasasa tamin'ny Ràn'i Jesosy Kristy, ary nateraky ny Fanahin'Andriamanitra. Ary miparitaka ireo bibikely rehetra an'izao tontolo izao. Tsy hiadaladala eo akory aza izy ireo, na ahoana na ahoana. Tena henjana izany, saingy manantena aho fa nifikitra izany. Karazana fanehoana henjana iray izany, saingy fantatrareo izay resahako.

64 Oh, toy ny ahoana i Daniela, ary nanapa-kevitra an'izany tao am-pony, afaka nahatsiaro tsara an'ilay tambin-karama izy. Ary indray andro any isika dia hahatsiaro an'ilay tambin-karama, ihany koa. Noho izany rehefa tonga nahatsiaro an'izany izy, tao amin'ilay oran'ny fahoriana, dia naniraka Anjely iray tao an-davaky ny liona Andriamanitra, ary nanakombona ny vavan'ny liona, mba tsy ahafahan'izy ireo hanelingelina azy. Fahatsiarovana iray ho eritreretina toy ny inona! Izy, natsipy tao an-davaky ny liona, satria nanapa-kevitra tao am-pony izy ny hanompo an'Andriamanitra, ary afaka nahatsiaro an'izany izy. Ahoana no nisehoan'izany? Zavatra tahaka an'izao, "Naniraka Ny Anjeliny Andriamanitra. Hitany ny fahadiovan'ny foko." Oh, eo ianareo izao, ny fahadiovan'ny fonareo. Afaka nahita an'izany Andriamanitra tao amin'i Daniela, sy ny fikasany hanao an'izay tsara, dia naniraka Ny Anjeliny Izy ka nisakana an'ireo liona tsy hanelingelina azy mihitsy. Fahatsiarovana iray toy ny inona! Afaka manohy sy manohy isika, miaraka amin'izany.

65 Ndao isika hahatsiaro olona iray hafa avy hatrany eto, na vondron'olona, ny Isiraely izany. Rehefa nametraka ny toeran'izy ireo i Isiraely, ny tenan'izy ireo tao amin'ny toerana, mba hiandany amin'Andriamanitra. Ary nisy anjelin'ny fahafatesana iray tonga indray alina, izay haka ny lahimatoa an'ny tokantrano tsirairay. Ary ahoana fa nodidiana mihitsy aza ny Isiraely mba hahatsiaro fa teo amin'ny tolanam-baravarana ny rà. Izany ilay zavatra izay nisakana ny fahatezeran'Andriamanitra, ka nihazona teo, azy ireo ho velona, dia ny rà teo amin'ny varavarana. Fahatsiarovana iray izany. Ary izany, isan'andro, dia mbola fahatsiarovana iray foana, ny rà teo amin'ny tolanam-baravarana sy teo amin'ny tataom-baravarana. Harivam-pahatsiarovana iray toy ny inona izany! Ary izany dia tsy maintsy naverina nandritr'ireo—ireo taona ho avy, hoe Andriamanitra, tamin'io hariva io, dia nanao fahasamihafana iray teo amin'ny marina sy ny tsy marina.

66 Oh, tsy fantatro na ho hariva ilay izy na tsia, fa ho avy ny andro iray izay hanehoan'Andriamanitra ny fahasamihafana eo amin'ny marina sy ny tsy marina. Ary ho fahatsiarovana iray ho antsika izany, ny mahafantatra fa ny Rà dia eo amin'ny tataom-baravarana sy ny tolanam-baravarana marina tokoa. Ary na aiza na aiza jerenareo, na ny fahalalanareo; mijery amin'ny masonareo ianareo, ary mahita amin'ny fonareo. Marina izany. Hahatsiaro ianareo fa mijery amin'ny alàlan'ny Ràn'ny Tompo Jesosy ianareo, ny fomba Hijereny amin'ny alàlan'izany. Fotoana iray toy ny inona! Izy ireo dia. . .

67 Nanana zavatra iray hafa izay azony notsarovana isan'andro ny Isiraely, izany dia rehefa nizotra teo amin'izay henony nolazain'i Mosesy izy ireo, ilay mpaminany lehibe voamarina niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra, ary rehefa tapa-kevitra izy ireo ny handeha. . .Satria hitan'izy ireo Andriamanitra nanamarina fa ny hafatra izay nentiny dia ny fahamarinana, ary araka ny Soratra izany, ka nomba azy Andriamanitra. Ary efa nihaona tamin'ilay Anankiray Izay tsy nanana anarana izy, antsoina hoe IZAHO NO IZY. Nihaona Taminy marina tokoa izy, satria nahita Azy niara-niasa tamin'i Mosesy izy ireo.

68 Ary avy eo dia nanana fahatsiarovana lehibe iray hafa izy ireo, izany dia rehefa nanomboka nandeha izy ireo, nisy Andry Afo iray nandeha teo alohan'izy ireo, hitarika ny làlana. Fahatsiarovana iray toy ny inona no azon'izy ireo noeritreretina, zavatra iray fahatsiarovana, hoe tsy nila famantarana avaratra izy ireo. Amena. Inona no nolazaiko? Tsy nila famantarana avaratra izy ireo. Nanana ny Hazavan'Andriamanitra izy ireo mba hitarika azy ireo.

69 Fahatsiarovana iray toy ny inona izany ho an'ireo olon-kendry, ahoana fa tsy nila famantarana avaratra izy ireo, fa Kintana iray no nitarika azy ireo.

70 Fahatsiarovana iray toy ny inona izany ho antsika amin'izao andro izao, ny manana Fanahy Masina iray hitarika antsika; tsy fanekem-pinoana iray, na lamaody iray, na zavatra iray hitarika antsika, na zavatra iray nataon'olona. Fa tonga ny Fanahy Masina miaraka amin'ny andrim-pamatoran'ny Teny, ary manamarina Ny Teniny, ka manaporofo fa izany no— izany no fahamarinana. Fahatsiarovana iray toy ny inona ho an'ny fontsika, ny mahafantatra fa mbola velona foana ilay Andriamanitra velona. Oh!

71 Mahatsiaro Azy, izay Nataony, nitarika azy ireo hatrany amin'ny tany nampanantenaina, tamin'ny alàlan'izany fanao izany.

72 Nanana zavatra lehibe hahatsiarovana an'Andriamanitra i Elia, rehefa nanao ny adidiny izy, izay notenenin'Andriamanitra taminy mba hatao marina tokoa, mba handidy ny orana, tsy hisy ando akory aza hilatsaka raha tsy izy no hiantso

an'izany. Niakatra teo izy ka nipetraka teo akaikin'ny renirano Kerita, tao. Nijanona tao izy nandritr'io fotoana rehetra io. Toy ny ahoana no nahafahany nahatsiaro an'izany! Ahoana no hahazoany sakafo, nandritr'ireo taona ireo? Fa nikarakara azy tamin'ny alàlan'ireo goaika Andriamanitra. Ny Andriamanitry ny Lanitra! Tsy misy fanontaniana hoe, "Taiza no nahazoan'ireo goaika an'ilay sakafo?" Tsy mahafantatra isika, tsy afaka miteny. Ny zavatra tokana, izay fantany fotsiny, dia nametraka ny tenany teo amin'ny Tenin'Andriamanitra fotsiny izy, izay Nampanantenainy azy. Ary Andriamanitra no nikarakara ny sisa tamin'izany.

73 Izay ihany no tokony hataontsika. Rahalahy, izay ihany no ilaintsika. Mandray Azy amin'ny Teniny fotsiny. Ahoana no Hanaovany an'ilay izy? Tsy fantatro. Fa, hitanareo, miezaka manatsofoka ny hevitsika manokana isika, ary eo no anafangaroantsika.

74 Ahoana moa raha hoy izy hoe, "Itsy renirano hafa etsy ambanin'ny havoana itsy dia ho tsara mihitsy koa, satria manana rano betsaka izy ao anatiny"? Hah-ah. Tsia.

75 Ahoana moa raha nihevitra i Abrahama fa tokony haka an'i Sodoma izy? Tsy ho nitranga tsara mihitsy ilay izy. Fa naka ny làlana izay nitarihan'ny Tompo azy i Abrahama, ny fampanantenany tokana izay tsy maintsy nohazoniny.

76 Afaka nahatsiaro i Elia rehefa avy nanao an'izay rehetra azony natao izy. Izy—izy dia efa nananatra an'ireo—ireo vehivavy rehetra tamin'izany andro izany, izay niezaka naka tahaka an'ilay vehivavy voalohany, ilay vadin'ny filoha, ary—ary ireo zavatra rehetra izay izy—nanariny. Ary—ary izy ireo dia niantso azy hoe antitra iray, heveriko, antitra iray fotsiny, karazana lehilahy tsotra iray. Dia nandeha izy, saingy nanao marina tokoa an'izay notenenin'Andriamanitra taminy mba hatao. Ary avy eo dia tonga teo amin'ny fampisehoan-kery iray ilay izy, izay nilazany hoe, "Ndao jerentsika hoe iza, amin'ireto zavatra ireto, no marina. Ankehitriny, antsoy ireo mpaminanin'i—i Bala ho eto, ary—ary antsoy ireo mpaminaniny. Ary avelao aho hiantso ny Tompo." Oh, fampisehoan-kery iray toy ny inona, rehefa fantany fa Ny Teniny no nampanantena an'izany.

77 Inona no azontsika lazaina amin'izao andro izao amin'ny maha-Kristiana, eo anoloan'ny Bouddhisma, Mohametanisma, na zavatra hafa? "Ndao jerentsika hoe iza Andriamanitra." Amena.

78 Fotoana vitsy lasa izay, tany Inde, izay nisy anay tao—tao amin'ilay fivoriana, ary nisy olona maro tao, fa efatra na dimy no tonga teo amin'ny lampihazo. Ary tsy nisy fomba hanombanana hoe firy ny olona tao. Ary nivavaka ho an'ny boka kely iray aho. Tsy nanana sandry izy, ary lany tanteraka ny sofiny, ary tahon-javatra kely. Ary niezaka namihina ahy izy, ary izaho namihina

azy, ka nivavaka niaraka taminy. Notenenin'ny Tompo tamiko izay tsy nety taminy, sy—sy mikasika ny fiainany.

79 Ary—ary toa hitako ireo Rajas sy ireo izay nipetraka teo. Hoy izy ireo hoe, "Fifandraisana ara-tsaina izany, hitanareo." Afaka ianareo—afaka niteny an'izany ianareo, tamin'ny fomba nieritreretan'izy ireo, hoe izy ireo dia—izay haverin'izy ireo amiko.

80 Tamin'io andro io, dia noraisina tao amin'ny tempolin'ny Jains aho, izay nisy fivavahana teo amin'ny fito ambin'ny folo samihafa tao anatiny tao, ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanohitra ny Kristianisma, ary, "Tsy nisy na inona na inona amin'ny Kristianisma."

81 Fa, tamin'io hariva io, dia novain'Andriamanitra ilay fandaharana. Tsy maintsy namaky an'ilay lisitry ny sakafo izahay, teo akaikin'ny Loharanony. Noho izany dia nanomboka nanambara ny Fanahy Masina. Ary afaka kelikely, dia nandalo ny Indiana iray, ary jamba izy. Hoy aho hoe, "Jamba ilay lehilahy. Afaka mahita an'izany isika rehetra. Saingy lehilahy manambady izy. Manana zanakalahy roa izy." Hoy aho hoe, "Hotononiko ny anaran'izy ireo. Izaho—tsy afaka manonona an'izany aho." Ary marina mihitsy tokoa izany. Ary izaho—ary izaho afaka . . .

82 Ireo izay antsoin'izy ireo hoe lehilahy masina, ary izy rehetra teo, ary ireo mpisorona Mohametana, dia nipetraka teo. Ary noho izany izy ireo—fantatr'izy ireo arak'izany, nihevitra izy ireo fa namaky ny sain'izy ireo aho, fifandraisana ara-tsaina.

83 Ary noho izany dia sendra nitodika aho, ary ity lehilahy jamba ity, fahitana iray mihitsy teo ambony, dia nitsangana teo nijery ahy. Oh, oadray! Fantatrareo, ny mpanompon'Andriamanitra, ny Fanahy Masina, dia efa nitondra ny . . . an'izay nosoratan'ilay lisitry ny sakafo, fantatrareo. Fantatro fa efa vonona ny haroso ilay izy.

84 Hoy aho hoe, "Ankehitriny, niteny tamiko izy ireo androany fa ny fivavahana Mohametana no lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao, sy ny Bouddha, ary ny rehetra." Hoy aho hoe, "Ankehitriny, mila ny sasany aminareo mpisorona eo aho, ireo mpisorona Bouddha, ireo mpisorona Mohametana, avia omeo an'ity lehilahy ity ny fahitany, azo antoka, ankehitriny, raha izy—tena lehibe izy. Mpivavaka amin'ny masoandro ity lehilahy ity. Ary fantatsika rehetra, isika izay mino fa diso izy, nivavaka tamin'ny famoronana izy raha tokony ho ilay Mpamorona." Hoy aho hoe, "Diso izy, ary fantatsika izany. Fa," hoy aho, "azo antoka fa Andriamanitra no ilay Mpamorona; ary ilay lehilahy dia manaiky ny ho avy ka hanompo an'ilay Mpamorona; azo antoka fa vonona ny haneho ny Tenany Izy."

85 Ankehitriny, te-hilaza zavatra aho. Tsy ho nilaza an'izany velively aho raha tsy efa nahita an'io fahitana io. Nahafantatra

tsaratsara kokoa noho izany aho. Hitanareo, izany no tsy tiantsika, handeha hanombatombana. *Manombatombana* dia midika hoe "mandroso tsy misy fahefana ianareo." Izany no antony hoe mila mitandrina isika rehefa milaza ianareo fa izany no HOY NY TOMPO HOE, tsy fiheverana iray fotsiny, fa zavatra izay fantatrareo mazava tsara, pozitifa, fa ny Tompo no nilaza an'ilay izy. Ary nahatsapa ho tena nionona aho teo am-pahitana an'ilay fahitana, fantatro fa tsy mbola diso mihitsy izany.

86 Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, ilay—ilay . . . Raha diso ity lehilahy ity . . . Ankehitriny, milaza ireo Mohametana fa diso izy, nefa avy eo ianareo dia manao azy ho—ho—ho Mohametana iray. Avy eo, dia hilaza ny Bouddha fa diso izy. Ary ny Sikhs, sy ny Jains, ary inona koa, hilaza izy rehetra fa diso izy. Saingy azo antoka fa misy Marina iray any ho any." Oh, oadray! Oh, zavatra iray be voninahitra toy ny inona! Noho izany dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, ilay Anankiray izay hanome azy ny fahitany, dia nampanantena izy fa hanompo an'izany Andriamanitra izany."

87 Lasa jamba izy, nohon'ny fijerena ny masoandro, satria izany ilay andriamanitra masoandro. Hitanareo? Ary nihevitra izy fa izany no nandoa ny làlany mankany An-danitra. Ankehitriny, afaka mahatsiaro an'i Kristy isika, fa Izy—nijaly Izy tsy ny hanongotra ny masontsika, fa ny hanome antsika ny fahitana. Hitanareo? Koa noho izany, ary raha . . .

88 Hoy aho hoe, "Ankehitriny, ilay Anankiray izay ho avy ka hamokatra an'ity, dia hanaraka an'izany antoko izany aho." Hoy aho hoe, "Hanompo an'ilay Anankiray manome azy ny fahitany aho." Ary izany no vondrona mangina indrindra hany reko. Tsy nisy olona nilaza. Noho izany dia hoy aho hoe, "Eny, misy mpisorona Mohametana eo ankehitriny, nahoana ianareo no tsy tonga hanome azy ny fahitany?" Hoy aho hoe, "Nahoana? Satria tsy afaka ianareo. Ary izaho koa tsy afaka. Fa ilay Andriamanitry ny Lanitra dia efa nanangana Ny Zanany, Jesosy Kristy, Izay efa naneho ahy fahitana iray izao ankehitriny izao, hoe hahazo ny fahitany ilay lehilahy. Raha tsy izany ilay izy, dia vavolombelona sandoka an'io Kristy io aho. Ary raha mahita izy, dia vavolombelona marina ny Aminy aho. Ary ianareo dia tsy maintsy mi- . . . Tokony hibebaka ianareo, na tsy maintsy, raha ianareo . . . raha tsy izany dia ho levona ao amin'ilay foko izay misy anareo ankehitriny ianareo." Fotoana iray toy ny inona! Ary hoy aho hoe, "Ankehitriny, raha sandoka izany, amin'izay fotoana izay dia tokony apetrakareo ao amin'ny fiaramanidina iray aho ary alefaso hiverina any Etazonia aho, ary aza avela hiditra eto intsony indray."

89 Oh, fa rehefa miditra eo amin'ny sehatra ny Andriamanitsika! Ilay lehilahy, vantany vao nivavaka ho azy aho, dia afaka nahita tsara tahaka ny nahafahako izy. Nihazakazaka izy ary nandramby an'ilay ben'ny tanàna teo amin'ny tendany ka nanomboka namihina azy. Ary, nahoana,

teo amin'ny adiny efatra izahay no teo. Tsy nanana kiraro aho, tsy nisy paosy tamin'ny palitaoko, ary tsy afaka nahasakana azy ireo ny milisy, ary fifanosehana iray izany. Ary tokony ho hitanareo hoe inona . . .

90 Fa inona izany? Ilay Andriamanitra iray ihany, ilay Andriamanitra iray ihany izay afaka niantso Afo, mampidina Afo mba hanaisotra ny fanatiny, dia afaka mitondra Ny Fanahiny Masina hanamarina Ny Teniny hoe Izany no fahamarinana, raha mbola azonareo antoka foana fa Izany no fahamarinana.

91 Ankehitriny, Elia dia pozitifa fa izany no fahamarinana, efa nandre ny Feon'Andriamanitra izy. Tsy nisy fisalasalana teo aminy.

92 Ary raha tsy misy fisalasalana ao am-ponareo izao hariva izao, fa Andriamanitra dia mbola manome ny Fanahy Masina foana tahaka ny Nataony tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia hitranga izany. Raha tsy misy fisalasalana fa mihazona Ny Teniny Izy ary manasitrana ny marary, dia tsy maintsy hitranga izany. Fa tsy maintsy pozitifa amin'izany ianareo. Tsy maintsy mahita an'izany marina tokoa amin'ny tena mason'ny finoana ianareo, avy eo dia manaiky an'izany ary mitsangana tsara eo.

93 Ary nanana betsaka hahatsiarovana an'Andriamanitra izy, fony izy . . . Ankehitriny dia manana betsaka hotsarovana izy, izay Nataony tamin'ireo andro ireo.

94 Ilay vehivavy ratsy fitondran-tena izay hitan'i Jesosy tao Sykara tany, hoe izy dia Samaritana iray, izay vahoaka nolavina iray raha ny marina izay nino an'Andriamanitra marina tokoa. Izy ireo dia saiky Jiosy tapany sy Jentilisa tapany, ary izy ireo dia ta—taranaka iray. Nino an'Andriamanitra izy ireo. Ary ity vehivavy kely, ratsy fitondran-tena ity tao amin'ny toerany, dia tena voaloton'ny fahotana, ary kivy angamba indray andro nohon'ny fomban-drazany rehetra an'ireo loholona, ireo vilany sy ireo famanan-drano, ary ireo fanasana, sy ny sisa.

95 Nandeha izy indray andro nankany amin'ilay fantsakana tranainy iray ihany an'i Jakoba tany, ary saika hampidina ny—ny sininy izy, mba hahazo rano. Ary nanova loharano izy. Oh, toy ny ahoana no ahafahany hahatsiaro fa nisy Anankiray nipetraka teo izay nilaza fa nisy Rano velona tao Aminy. Hafaliana iray toy ny inona izany ho azy, rehefa nanambara an'ireo fahotany io Fantsakana velona io, ary niteny taminy hoe taiza izy no diso, ka namariparitra taminy an'izay nataony. Ary nametraka hafatra iray tao am-pony izany, izay nandrehitra azy tamin'ny voninahitr'Andriamanitra; ary tao amin'ilay tanàna, sy teo amin'ireo lehilahy.

96 Ankehitriny, fantatrareo, tena tsy ara-dalàna marina tokoa izany ao amin'io firenena io, ho an'ny vehivavy iray mandeha eny an-dàlambe, ary indrindra fa vehivavy iray voaisy marika

amin'ny faharatsiam-pitondrantena. Fa teneniko aminareo, rehefa voadio izy ka nisotro an'io Rano madio io, dia miezaka hampijanona azy ve ianareo? Izany dia tahaka ny manandrana—manandrana mamono a—afo, na trano mirehitra iray, nefa tena maina ny andro, ary rivotra mahery amin'ny andro maina, izay nitsoka marina tokoa an'izany lelafo izany.

97 Ary tsy afaka nampijanona azy ianareo, satria nahita zavatra izay tena nisy izy. Voambara ireo fahotany. Ary rehefa voambara ireo fahotany sy ny fahadisoany, dia afaka mahatsiaro izy izao hariva izao, any amin'ny Voninahitra. Afaka mahatsiaro izy fa nisy Loharano iray ho azy. Nisy toerana iray izay, ireo fanekem-pinoana rehetra sy—sy ireo fiangonana dia nandà azy, kanefa nahita tany misy rano iray izy. Nahita toerana iray izay misy Olona iray Izay nikarakara izy. Fifaliana iray toy ny inona!

98 Ary toy ny ahoana no ahafahantsika mifaly miaraka aminy, isika izay voafatotr'ireo fanekem-pinoana izay nisintona antsika ho lavitra an'Andriamanitra, ka nahita Loharano iray feno Rà isika izay nosintonina avy tamin'ny làlan-dràn'Imanoela. Teo no nanariantsika ny toetrantsika madity rehetra. Ary—ary nisotro avy tamin'ilay Loharano isika ka nangatsiatsiaka. Ary mahatsiaro an'ilay Anankiray izay nandoa ny vidiny isika, mba ahafahantsika hanana Ny Fanahiny eo amintsika, Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Fahatsiarovana iray ho tsarovana toy ny inona!

99 Mieritreritra aho izao hariva izao fa i Hagara dia mety manana zavatra ho eritreretina, ihany koa, rehefa voaroaka izy, tsy azo tsara. Ankehitriny dia maro amintsika eto no afaka mieritreritra an'i Hagara, raha izy, tsy azo tsara izy.

100 Iza no mandeha amin'ny fiainana mahitsy miaraka amin'Andriamanitra, izay mandeha amin'ilay làlana mahitsy, tery, ka tsy mahafantatra hoe inona no dikan'ny hoe tsy azo tsara? Tsy azo tsara aho. Ny olona tsirairay, ianareo rahalahy rehetra izay miezaka ny hiaina mahitsy, ary ianareo anabavy, dia tsy azo tsara ianareo.

101 Mihevitra ny mpiara-monina aminareo fa modely tranainy ianareo, ary miezaka izy ireo ny hiala aminareo. "Nahoana ianareo no tsy manatrika an'ireny fikambanana ireny? Ary nahoana ianareo no tsy manana an'ireny fetin-karatra ireny, oh, sy ny sisa?" Ary manalavitra an'ireo zavatra ireo ianareo. Tsy azo tsara ianareo.

102 Toy izany koa i Hagara tsy azo tsara. Ary nahazo ny zanany izy, Isimaela kely, izay vokatry ny kibony, avy tamin'ny fanambadiana ara-dalàna tamin'i Abrahama vadiny. Ary izy dia—zazavavy andevo iray izy. Ary izy dia nomen'ny tompovaviny, Saraha, ho an'i Abrahama, ho vady; izay, ara-dalàna tamin'ireo andro ireo ny fananana vady maro. Ary izy dia nanambady ara-dalàna an'ilay lehilahy, satria efa nomena

ho azy izy. Niteraka an'ilay zaza izy, araka ny fanantenan'izy ireo mihitsy. Tsy nisy na inona na inona tsy nety nataon'ilay vehivavy. Ary, kanefa, tsy azon'ny tompovaviny tsara izy, ka noroahina nankany an-efitra ho faty. Toerana iray hisiana toy ny inona izany!

103 Ary lany ny rano tamin'ilay tavoahangy. Nanomboka maina ny tendan'i Isimaela kely. Niantsoantso nila rano izy. Niharatsy ilay izy. Ary ny fon'ny reny irery ihany no afaka handre an'io tomanin-jazakely io avy amin'ny molotra kely, maina tao—tao amin'ny tany efitra tany ho any, ny zanany tokana, ary tsapany fa mihamaina ny vatany kely, ary teo am-pahafatesana izy. Tsy misy rano, vato sy fasika fotsiny, tahaka ny azonareo jerena ao amin'ireo tany efitr'i Phoenix. Tsy nisy toerana iray. Tsy azo tsara! Fotoana iray toy ny inona!

104 Teo izy, zazavavy andevo iray, eo am-piandohana, ary niezaka nihetsika tamin'ny fomba tsara araka ny tokony hihetsehany. Ary indro izy mihazona an'ilay zazakely eo an-tsandriny, ary eo am-pahafatesana izy. Ary tena nalahelo izy. Napetrany teo ambanin'ny kirihitra kely iray izy. Ary nandeha tokony ho tra-tsipika, ka nandohalika hivavaka izy. Ary nisy fantsakana iray niseho teo, oh, oadray, "Ny fantsakan'Ilay velona sy mahita ahy." Mbola mitsangana foana androany. Napetraka teo izany, tamin'ny fomba iray. Mbola mitsangana foana io fantsakana io ho fahatsiarovana iray.

105 Tsy manana fianarana ampy aho hanononana azy. Fa izaho—nanandrana an'izany aho, vao teo, rehefa nanoratra naoty kely vitsivitsy. Ary izaho—nanandrana nanonona azy aho. Tsy afaka nanao an'izany aho. Fa fantatrareo hoe inona izany. Izaho—miantso azy ho zavatra iray aho, iray hafa. Hoy aho hoe, "Tsaratsara kokoa ho ahy ny tsy milaza an'izany. Hampiseho fotsiny ny tsy fahaizako ratsy izany."

106 Fa zavatra anankiray no tiako holazaina. Fantatro hoe aiza no misy Fantsakana iray hafa izay napetraka tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Misokatra mihitsy izany tahaka azy tamin'ny fotoana izay nisokafany tany aoriana tany, ary ireo rano dia madio mihitsy ho an'ny lehilahy na ny vehivavy rehetra izay te-handray an'ilay làlana mahitsy miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, sy handeha hiaraka Aminy.

107 Manatona an'io fantsakana io aho, mahatsiaro an'i Jesosy Izay nanao an'izany ho azo atao hoe izaho, vahiny iray, zanaky ny mamolava, dia afaka manatona an'io Fantsakana io ka voavela ny fahotako, ary misotro Fiainana Mandrakizay.

108 Oh, ahoana no tsy maintsy tsapan'i Hagara rehefa nahita an'io fantsakana io izy! Nanavotra ny ainy sy ny zanany izany. Azony antoka fa afaka mahatsiaro an'io tany misy rano io izy, amin'ny androm-piainany rehetra, sy ny rehetra—mandritry ny fotoana rehetra izay ahafahany mahatsiaro an'izany.

109 Afaka manohy sy manohy isika, miaraka amin'ireo olona. Fa, ndao isika hieritreritra an'ity, aza diso amin'ny fahitana ny fantsakanareo ankehitriny. Aza diso amin'ny fahitana an'ilay toerana fampangatsiahana izay mitondra Fiainana.

110 Jesosy dia nalefa avy tamin'i Heroda nankany. . . avy tany amin'i Pilato nankany amin'i Heroda, ho fanesoana. Inona no tsy hitany! Inona—inona ny olana tamin'i Pilato?

111 Ary noho izany rehefa nandefa an'i Jesosy nankany amin'i Heroda i Pilato, dia adala toy ny ahoana i Heroda tamin'izany. Nefa, efa nandre ny Aminy izy, ary efa nandre ny amin'ny Asam-panompoany. Ary Pilato izay Jiosy iray. . . Na, Heroda, mino aho fa izay ilay izy, Heroda dia Jiosy iray. Ary nitsangana teo Anoloany! Ary teo izy, nitsangana teo amin'ny Fanatrehan'izay naminanian'ireo mpaminany rehetra, hatrany Edena. Nitsangana teo amin'ilay Fanatrehana, nefa tsy nangataka famelàna ny fahotany mihitsy. Izy tsy mihitsy—izy tsy mihitsy—izy tsy mihitsy. . . Manontany aho raha mba nieritreritra mihitsy aza izy, nandray eritreritra faharoa, ny amin'ny hoe inona, Iza no nitsanganany teo anoloana? Tsy fantany mihitsy angamba hoe an'Iza—eo amin'ny Fanatrehan'Iza izy no nitsangana.

112 Oh, hoy ianareo hoe, "Izany dia—horohoro iray izany! Izany no zavatra adala indrindra." Izany ilay izy. Izany no zavatra adala indrindra izay hany nataon'ilay lehilahy. Eny, mieritreritra isika ny—ny amin'ny hoe ratsy toy ny ahoana izy.

113 Fa andraso iray minitra. Manana lehilahy isika amin'izao andro izao izay manao an'ilay zavatra iray ihany, mitsangana eo akaikin'ilay Loharano iray ihany, ary mbola manao an'ilay fahadisoana iray ihany izay nataony.

114 Ireo mpaminany rehetra, nandritra ny efatra arivo taona dia nanondro Azy. Saingy satria Izy tsy tonga arak'izay nolazain'ny fanekem-pinoan'izy ireo, fa Hahatongavany, dia noroahin'izy ireo Izy.

115 Eo, marina tokoa. Tena marina tokoa izany. Eny, tompoko. Mbola nandroaka Azy foana. Tsy te-hanao na inona na inona amin'izany izy ireo, raha tsy hoe tonga araka ny bokin'izy ireo izany, fantatrareo, ny fomba izay amakian'ny bokin'izy ireo an'izany, hitanareo. Tsy maintsy tahaka an'izany no ahatongavany.

116 Oh, ireo mpaminany rehetra nandritry ny efatra arivo taona dia niresaka ny Aminy, ary indro Izy nitsangana teo anoloany, nefa tsy nilaza zavatra iray mikasika an'izany mihitsy izy, nangataka famelàna. Io izy eo amin'ilay Fanatrehana, ary ny—ny fahatanterahan'ny teny rehetra an'ireo mpaminany Hebreo, nitsangana teo anoloany mihitsy, nefa tsy nangataka famelàna mihitsy izy. Nitsangana teo fotsiny izy. Oh, zavatra iray mahatsiravina izany!

117 Fa manao an'ilay zavatra iray ihany isika amin'izao andro izao. Saingy fotsiny, isika dia mitsangana teo Akaikiny, taorian'ny enina arivo taona. Manao fahadisoana lehibe kokoa noho i Heroda isika, sy Pilato, sy—sy Kaiafa, ary ireo mpisorona tamin'izany andro izany, satria manana firaketana roa arivo taona amboniny isika izay nanampiana. Nefa mbola manao an'ilay fahadisoana iray ihany foana isika. Izao fotsiny, izaho fotsiny . . .

118 Ataoko fa—fa tsy nanome fiheverana matotra an'izany mihitsy akory aza i Heroda.

119 Ankehitriny, manontany fotsiny aho hoe matotra toy ny ahoana no iheverantsika an'Ity. Matotra toy ny ahoana no ezahantsika iheverana an'ity Teny ity? Midika inona aminareo ity Teny ity? Fantatrareo ve fa Andriamanitra amin'ny endrika printy izany? Saingy dinganintsika mihitsy izany, ho an'ny karazana fanekem-pinoana iray, ka manao hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Dr. Jones dia nilaza an'*izao-sy-izao*, noho izany dia milamina hatreo izany." Ary, kanefa, ity Baiboly ity dia mipetraka ao amin'ny tranom-boky rehetra, saiky mihitsy, toeram-pivarotana Baiboly, fiangonana. Ary ireo mpitoriteny, sy ny sisa, mitsangana eo, ary mamaky eo an-tampon'izany, nefa tsy miraharaha an'izany, nohon'ny fanekem-pinoana, miezaka mametraka azy ao amin'ny taona hafa iray.

120 Araka ny nanaovako an'ilay fanamarihana, indroa na intelo hatramin'ny naha-teto Phoenix ahy, tena nanaitra ahy izany. Tahaka an'izany ny olona. Midera an'Andriamanitra foana izy ireo noho izay efa Nataony, ary miandry an'izay Hataony, nefa tsy miraharaha an'izay Ataony izao ankehitriny izao. Izany no ataon'izy ireo. Diso amin'ny fahitana an'izany izy ireo.

121 Ankehitriny, Heroda angamba dia afaka nidera an'Andriamanitra nohon'ny Namoahany an'ireo zanaka avy tao an-efitra, sy ny sisa. Ary hoy izy ireo hoe, "Indray andro any dia handefa Mesia iray Izy. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Hahita Azy isika amin'izay fotoana izay." Fa indro teo Izy, nitsangana teo anoloan'izy ireo mihitsy, nefa tsy nahafantatra Azy mihitsy izy ireo.

122 "Teto amin'izao tontolo izao Izy, ary Izy no nahariana an'izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahafantatra Azy. Fa izay rehetra nandray Azy, dia ho azy . . . nanome hery azy ireo ho tonga zanak'Andriamanitra." Tiako izany. Eny, tompoko.

123 Teo amin'Ny Fanatrehany, ataoko fa tsy naka fiheverana matotra iray mikasika an'izany mihitsy izy.

124 Ary maro amin'izao andro izao no manao an'ilay zavatra iray ihany, tsy mandray an'ilay izy am-pahamatorana. Tsy mandray fiheverana matotra iray izy ireo. Mihevitra izy ireo hoe, "Ankehitriny eto, mandeha any am-piangonana aho, ary tsara tahaka anareo mihitsy aho."

125 Ankehitriny, tsy te-handray an'izany toetra izany fotsiny ianareo. Afaka ny ho tsara tahaka ahy ianareo, nefa tsy ho tsara mihitsy. Hitanareo? Fa tsy te-hanao olona iray ho ohatrareo ianareo. Te-hanao an'Andriamanitra ho Ohatrareo ianareo, Jesosy Kristy, ary te-handray Ny Teniny ianareo. Ary raha tsy manao ianareo . . .

126 Ankehitriny, tsarovy, ny Baiboly no milaza, ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy. Izany no fanambarana feno an'i Jesosy Kristy. "Na iza na iza manaisotra Teny anankiray amin'Izany, na mametraka teny anankiray amin'Izany, dia ho esorina amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany." Noho izany dia Ity no Fanambarana.

127 "Andriamanitra tamin'ny fotoana sy fanao samihafa," Hebreo 1, "dia niteny tamin'ny razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, fa amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy." Ary, Kristy, manambara ny Tenany, mampahafantatra ny Tenany, mandray Ny Teniny ary manao Azy hitombo fotsiny.

128 Nitsangana aho indray andro, niresaka, mino aho, tamin-dRahalahy Carl Williams, nisy hazo palma iray teo. Mino aho fa Rahalahy Carl ilay izy, na olona iray. Dia hoy aho hoe, "Tsy hazo iray tsara tarehy ve io?"

Hoy izy hoe, "Eny."

Hoy aho hoe, "Inona izany? Lavenom-bolokano."

129 Izay ihany izy, vovoky ny tany, miaraka amin'ny aina iray ao anatiny. Ary io aina io dia karazana aina anankiray, izay nanao azy ho hazo palma iray. Eto dia misy iray hafa mitsangana, karazana hazo iray hafa izany. Hazo aviavy iray izany. Inona izany? Lavenom-bolokano avy amin'ny tany, miaraka amin'ny ain'ny hazo aviavy iray ao anatiny.

130 Eny, jereo isika. Inona isika? Mitovy amin'io hazo io, lavenom-bolokano, saingy miaraka amin'ny ain'olombelona iray ao anatiny. Ary io ain'olombelona io dia avy amin'ny tany, ary tsy maintsy miverina amin'ny tany.

131 Fa misy Fiainana iray izay avy any Ambony ka ny olona dia mivelona amin'io Fiainana io, Izany no Fiainana Mandrakizay.

Adala toy ny ahoana! Tsy afaka hihevitra an'izany ampahamatorana ve isika, ry sakaiza?

132 Ankehitriny, tsy fientanam-po iray izany. Tsy fitandremana fanekem-pinoana betsaka izany. Fahatsapana iray izany. Fahaterahana iray izany. Voalohany, tsy maintsy manana fahatsapan'ny fahafatesana ianareo alohan'ny ahafahanareo manambara Fahaterahana iray. Ohatra, tsipiho tsara izany: fahatsapan'ny fahafatesana, ary avy eo fanambarana Fahaterahana iray. Tsy maintsy manao an'ilay zavatra iray ihany ny voa rehetra. Ary *ity* Voa ity dia Andriamanitra. Ary

rehefa apetraka ao am-ponareo Izany, dia mamokatra ny Fahaterahan'ny zanak'Andriamanitra iray.

133 Ary tahaka an'izany Jesosy fony Izy teto an-tany. Hoy Izy hoe, "Iza no afaka hanameloka Ahy amin'ny fahotana? Iza no afaka hiampanga Ahy, raha ny marina, amin'ny fahotana?" *Fahotana* dia "tsi-finoana." "Raha—raha tsy afaka hino Ahy ianareo, dia minoa an'ireo asa." "Diniho ny Soratra. Ao Aminy no heverinareo fa ananananareo Fiainana Mandrakizay. Izy ireo no Hany manambara Ahy. Izy ireo no Hany miteny hoe Iza Aho. Ary raha tsy mahafeno an'izany fepetra izany Aho, izay nolazain'ny Soratra marina tokoa, izay nolazain'ny Ray fa haha-izy Ahy, rehefa tonga Aho; raha tsy mahafeno an'izany Aho, amin'izay fotoana izay dia nanao ratsy Aho."

134 Oh, raha isika Kristiana, raha isika mpitoriteny, raha isika lehilahy, vehivavy, Pentekotista, ary ny sisa amintsika, raha tsy afaka mandray an'izay nolazain'Andriamanitra ny amin'ny tokony haha-izy Ny Fiangonany isika, raha tsy afaka mahatratra an'ilay tsanganana izay Nolazainy isika, amin'izay fotoana izay dia azo melohina amin'ny fahotana isika, ny tsi-finoana. Miezaka isika milaza fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana, ary ireo zavatra hafa rehetra ireo, *itsy*, sy *izao-sy-izao*, ary *izao-sy-izao*, amin'izay fotoana izay dia azo ampangaina amin'ny tsi-finoana isika. Satria, fahotana anankiray ihany no misy, ary izany dia ny tsi-finoana. "Izay tsy mino dia efa voaheloka sahady." Hitanareo? Tsy tonga eo amin'ny fototra voalohany akory aza ianareo raha tsy mino. "Izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy, sady Mpamaly soa an'izay mitady Azy fatratra." Noho izany dia ahoana moa raha ny fiangonana iray . . .

135 Izany no tian'Andriamanitra. Izany no hananan'Andriamanitra, andian'olona afaka manao hoe, "Inona no nampanantenain'i Jesosy Kristy? Inona no nampanantenaina amin'izao andro farany izao ka tsy voaseho tamin'ny alàlantsika?" Amena. Amin'izay fotoana izay dia afaka mipetraka isika, mahatsiaro Azy, mahatsiaro Azy rehefa mivory isika.

136 Raha misy zavatra tsy vitantsika, dia ndao ataontsika izany. Raha misy zavatra tsy ampy amintsika, dia ndao isika hiverina amin'izany. Ndao isika hahatsiaro an'izay Notakiany, tsy izay heverintsika fa tokony ananantsika, fa izay Nolazainy fa tokony ananantsika. Hitanareo? Tahaka an'izany no tsy maintsy ananantsika azy, arak'izay Nilazany azy. Fa manontany aho raha isika fotsiny . . .

Hoy isika hoe, "Eny, izaho—izaho—mikambana amin'*ity* aho."

137 Manontany aho raha nomenareo eritreritra matotra izany, mba ahafantarana fa tsy midika na inona na inona

amin'Andriamanitra izany. Tsy midika na inona na inona izany. Heroda angamba—angamba nanao hoe, "Eny, andraso iray minitra fotsiny eto. Fantatrao ve hoe iza aho?" Hitanareo? Tsy nieritreritra am-pahamatorana mihitsy izy. Tokony hieritreritra am-pahamatorana isika.

138 Fantatrareo ve izay nataony? Rehefa napetraka teo anoloany Kristy, ho an'ny fotoana voalohany, fa ireo mpaminany rehetra, ireo olon-kendry, ary nanerana an'ireo taona, dia niresaka ny amin'io Anankiray ho avy io. Ary nitsangana teo anoloany mihitsy Izy. Fantatrareo, ny . . . ny . . . Teo amin'ilay fanararaotra, izay nametrahan'Andriamanitra an'i Kristy teo anoloan'i Heroda, dia famalifaliana fotsiny no nangatahiny.

139 Manontany aho, rahalahy. Ndao isika hieritreritra am-pahamatorana ankehitriny. Isika vahoaka Pentekotista, manontany aho raha mandray ny Fanahy Masina ho an'ny famalifaliana fotsiny isika? Fa misy mihoatra noho izany izay mandeha miaraka amin'Izany. Misy fiainana iray tsy maintsy iainana. Manontany aho raha izany no sakana amin'ny fiangonantsika amin'izao andro izao, rahalahy. Manontany aho raha izany no antony mbola maha-ao an-efitra antsika foana eto, mirenireny, raha tokony ho ao amin'ilay Tany nampanantenaina, manana ny zavatra rehetra? Manontany aho raha tsy misy zavatra izay tsy noeritreretintsika am-pahamatorana tsara mikasika an'izany. Hitanareo? Tsy maintsy mieritreritra am-pahamatorana ianareo.

140 Raha nanao an'izany i Pilato, dia ho namotsotra Azy izy. Raha—raha nanao an'izany i Heroda, dia ho namotsotra Azy izy. Saingy tsy nieritreritra am-pahamatorana izy, ny fanararaotrany voalohany.

Ary noho izany dia inona no nataony? Nangataka fitapitaka sasantsasany izy.

141 Oh, izy ireo, izany ilay izy amin'izao andro izao. Tehanao ny Kristianisma ho fitapitaka iray izy ireo, sandoka kely iray anananareo eny an-tànanareo. Ary, henoy, ry vahoaka Pentekotista, aoka ho tso-po lalina amin'ireto zavatra ireto. Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, ka manome ny fandikana, dia aoka hahazo antoka fa izany no fandikana. Hitanareo? Aza mandray sandoka. Nahoana ianareo no mila sandoka iray, nefa Andriamanitra dia manana an'ilay tena zavatra ho anareo? Hitanareo? Nahoana no manaiky mpisolo iray, nefa ny lanitra feno an'ilay tena izy. Hitanareo? Hitanareo? Tokony ho tso-po isika. Tsy tokony hiezaka ho karazan'ny tsy miraharaha an'izany fotsiny ianareo ary handingana an'izany. Tsy tokony hanao an'izany isika. Tsy tokony hangataka fitapitaka isika.

142 Tsy maintsy mangataka asa isika. Amena. "Tompo, raha tsy maintsy ho ilay famafan-tongotra aho, dia ataovy ho ilay

famafan-tongotra tsara indrindra izay hany Nanananao. Na inona na inona tokony haha-izy ahy, dia aoka aho ho izany." Tsy hoe, "Ataovy aho . . . Raha tsy afaka ny ho Billy Graham iray aho, na Oral Roberts iray, nahoana, dia tsy ho inona mihitsy aho." Hitanareo? Nahoana, ianareo dia heverina betsaka tahaka an'i Billy Graham sy Oral Roberts mihitsy, raha—raha manana ianareo . . . raha ilay famafan-tongotra ianareo, raha an'Andriamanitra ianareo. Mila famafan-tongotra iray Andriamanitra; Izy—mila famafan-tongotra tsara iray Izy. Izay ihany. Hitanareo? Tsy mampaninona izany.

Fa isika dia mandeha, manombatombana hoe isika dia tokony ho *ity* na *itsy*. Aza manao an'izany.

143 Mangataha asa fotsiny, na inona na inona ilay izy. Hitanareo? Na inona na inona ilay izy, dia avelao Andriamanitra hifidy ny asanareo. Hitanareo? Ary avy eo rehefa manome asa anareo Izy, dia tsarovy fa Jesosy no nitarika anareo teo. Teraka ho an'izany tanjona izany ianareo. Aoka ho—ho mpanompo tsara iray ho Azy, na aiza na aiza izany. Eny.

144 Hoy Jesosy hoe, "Nahoana ianareo no miantso Ahy hoe 'Tompo,' nefa tsy manao an'ireo zavatra izay Teneniko mba hataonareo?" Tokony handinika ny Soratra isika. Tokony ho hitantsika hoe inona ny fandaharana sy ny drafitr'Andriamanitra. Hoy Izy hoe, "Ianareo miantso Ahy hoe 'Tompo.'" Hoy Izy, "Fa nahoana ianareo no miantso Ahy hoe 'Tompo,' nefa tsy manao an'ireo zavatra izay—izay Andidiako anareo mba hatao?" Hitanareo? Eny.

145 *Tompo* dia "tompom-pananana." Ny tompon-trano no tompon'ny—ny tany. Ary ny olona, amin'izao andro izao, dia hanaiky an'i Jesosy am-pifaliana ho Mpamonjy iray. Izy ireo—tsy te-ho any amin'ny helo izy ireo. Izy ireo dia—hanaiky Azy ho Mpamonjy iray izy ireo. Fa rehefa tonga eo amin'ny hoe "Tompo," oh, tsia. Hah-ah. Hitanareo?

146 Tompo, dia, ho Fananany ianareo. Raha mila famafan-tongotra iray Izy, dia Ataony famafan-tongotra iray ianareo. Ary faly fotsiny ianareo, ny ho famafan-tongotra iray, tahaka anareo ho, kintan'ny maraina iray. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Ianareo—ianareo—tianareo . . . Isika—tiantsika . . .

147 Isika tsy mila Azy ho "Tompo." Mila Mpamonjy iray isika, fa tsy mila "Tompo." Avy eo dia tonga Izy "Tompo," ary miresaka aminareo mikasika zavatra sasany an'ny Teny Izy. "Eny ankehitriny, izaho—tsy fantatro ny mikasika an'Izany ankehitriny, hitanareo. Eny, izao fotsiny . . . Tsy azoko eritreretina fotsiny hoe izaho hanao an'Izany," ianareo vehivavy eto.

Hoy ianareo, ho reraka aho afaka kelikely. Tsia. Tsy ho reraka aho.

148 Ho tahaka ny nolazain'ilay lehilahy indray mandeha aho, nandeha nitory teny tao amin'ny fifohazana iray izy. Nilaza izy fa nitory mikasika ny fibebahana izy; ny hariva fahatelo, fibebahana; hariva fahefatra, fibebahana. Nitory mikasika ny fibebahana izy nandritry ny herinandro manontolo.

149 Ary ilay pasiteran'ny fiangonana sy ny sasany tamin'izy ireo, dia niverina ka niteny taminy, nanao hoe, “Rahalahy, izahay—tena midera ny toriteninao izahay. Saingy tsy manana anankiray hafa ve ianao?”

150 Hoy izy, “Oh, eny, tompoko.” Hoy izy, “Manana anankiray hafa aho. Saingy avelao hibebaka izy rehetra, avy eo aho vao hitory zavatra iray hafa.” Noho izany, eny, tompoko.

151 Avelao ny fiangonana hanomboka amin'ny ABD-ny. Avy eo isika vao handeha eo amin'ny alzebra amin'izay fotoana izay, ahoana—ahoana no hahalasa mpaminany, sy hahazoana an'ireo fanomezam-pahasoavana, sy ny sisa tahaka an'izany. Fa ndao isika aloha hianatra an'io dingana voalohany io, voalohany. Mianara mandeha alohan'ny ahafahanareo hihazakazaka, fantatrareo. Noho izany, ary raha reraka amin'ny maha-mpandeha an-tongotra ianareo, dia inona no hataonareo? Eny àry.

152 Fa isika—te-hahatsiaro ny Tompontsika isika. Izany no tokony hotsarovanareo, hoe Izy no tompoinareo. Tsy mahazo an'ireo fanomezam-pahasoavana ireo ianareo mba hahazoana fifaliana betsaka avy amin'izy ireo fotsiny. Marina izany. Sady izay koa, misy maro ireo miresaka mikasika an'ireo fanomezam-pahasoavana, izay azoko antoka, amin'ny fomba ihetsehan'izy ireo, fa tsy fantatr'izy ireo hoe inona izany. Hitanareo? Hitanareo?

153 Ny fanomezam-pahasoavana, ireo fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra, sy ny sisa, dia tsy zavatra ilalaovana fotsiny. Tsara ireo fanomezan'Andriamanitra, ary reraka izy ireo. Mandreraka izy ireo. Tsy i Ja-. . . Ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, dia tsy fikiakiahana, ny Fanatrehan'Andriamanitra, izany dia ireo fitahian'Andriamanitra izay Arotsany eo aminareo fotsiny, hitanareo, fa ny Fanatrehan'Andriamanitra dia zavatra iray manahirana.

154 Tsy tiako ianareo hanadino ny haka an'ity horonam-peo ity, raha afaka ianareo, *Tompokolahy, Amin'Ny Firy Izao?* Ary tsarovy izany.

155 Jakoba, rehefa nandry teo ambonin'io ondana io izy, vatolampy, indray hariva. Ary niseho taminy tao amin'ny fahitana iray ny Tompo, ka nahita an'ireo Anjely nidina sy niakatra izy. Rehefa nifoha izy, dia hoy izy hoe, “Toerana mahatahotra ity, tsy hafa fa ny tranon'Andriamanitra.” Toerana mahatahotra!

156 Rehefa naminany nandritra ny taona maro i Isaia mpaminany, teo ambanin'i Ozia. Ary rehefa nesorina taminy i Ozia, satria nanandrana haka ny anjaran'ny mpisorona iray izy, dia tratry ny habokana izy ary maty. Ary efa efapolo taona angamba i Isaia, dimampolo. Ary efa mpaminany iray izy, oh, hatramin'ny naha-zazakely iray, satria ireo mpaminany dia teraka ho. "Ireo fanomezam-pahasoavana sy antso dia tsy misy anenenana." Ary teo izy dia, mpa—mpaminanin'ny Tompo iray, tao, nivavaka, indray andro, ary niaiky ny fahotany teo amin'ny alitara.

157 Ary tampoka teo, dia tonga teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy, ary nahita an'Andriamanitra nipetraka tany An-danitra, sy ny Ebaneban'akanjony. Nahita Serafima Izy niaraka tamin'ireo Tarehiny masina voaalok'ireo elatra, ary ireo Tongony voasaron'ny elatra, ary manidina amin'ny elatra, miantsoantso hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha." Hia.

158 Ary tsaroan'i Isaia tamin'izay fa tsy tena lehibe ny diany kely. Inona no nantsointsoiny? Fantany, ny—ny fanomezam-pahasoavany, tsy nihetsika tsara tamin'izany izy. Lavitra izy. Hoy izy hoe, "Tompo, lehilahy maloto molotra aho, ary izaho—izaho—mitoetra eo anivon'ny olona maloto molotra aho." Ary noho izany ilay Anjely . . . Hitanareo, zavatra mahatahotra iray izany. Hoy izy hoe, "Lozako."

159 Izany dia tsy ilay zavatry ny fitahiana, sy hiakiaka, ary antsoantso. Tsara izany. Ankehitriny, tsarovy, tsy manameloka an'izany aho. Saingy, teneniko aminareo, tsy izany no resahako.

160 Ilay izy dia ny hery sy ny Fanatrehan'Andriamanitra, izay mitondra tahotra masina tahaka an'izany, hany ka malemy ianareo eo amin'Ny Fanatrehany. Hahatsiaro foana ianareo. Mahatsiaro an'izany ianareo.

161 Ary Isaia dia nahatsiaro, raha mbola velona foana izy. Heveriko, rehefa nandidy nitety ny vatany ireo tsofa, dia mbola nahatsiaro an'ireo Anjely ireo foana izy niantsoantso hoe, "Masina, masina, ny Tompo Andriamanitra!" Izany tokoa.

162 Jakoba, tamin'ireo orany farany, dia afaka nahatsiaro an'ireo Anjely ireo niakatra sy nidina, ary tena zavatra mahatahotra iray taminy izany.

163 Ilay izy dia tsy izay heverin'ny olona. Ilay izy dia zavatra hafa. Ny ilaintsika hatao dia ny miditra ao amin'Ny Fanatrehany, mahatsiaro Azy, hoe tsy nitondra antsika teto ho an'ny filalaovana Izy, fa ho an'ny asa, no nitondrany antsika teto mba—mba hiasa ho Azy.

Nanana zavatra hotsarovana izy.

164 Ahoana ny amin'i Jodasy Iskariota? Izy dia manana zavatra hotsarovana, ihany koa. Manana zavatra izay tsaroany i Jodasy

izao hariva izao. Izany tokoa. Ary ho tsaroany foana izany. Izany tokoa. Nahoana? Nivarotra an'ny Tompo Jesosy ho an'ny tombontsoa manokana izy.

165 Manontany aho, izao hariva izao, raha tsy maro no manao an'io zavatra iray ihany io amin'izao andro izao, mivarotra ny fizokianareo ho an'ny tombontsoa manokana, nefa tokony hirehitra ho an'i Kristy ianareo. Nefa tokony hanao zavatra ho Azy ianareo, hiasa ho Azy, na zavatra iray, mandeha mikambana any ho any amin'izay ahafahanareo miaina amin'ny fomba tianareo iainana nefa mbola mihambo ho Kristiana iray foana. Izany no tadiavin'izao tontolo izao amin'izao hariva izao. Izao tontolo izao, hoy aho, fa tsy ny mpino.

166 Ny mpino dia mitady ny làlana mahitsy rehetra izay azony aleha, mba hahitsy.

167 Fa ny tsi-mpino dia mila any ho any izay ahafahany mandeha ka mihazona fotsiny ny filazany ho Kristiana iray, nefa avy eo dia miaina fotsiny amin'ny fomba rehetra izay tiany iainana. Izany no tian'ity firenena ity ho filoha iray, ary izany no azon'izy ireo. Marina tokoa. Izany no—izany no tian'ny fiangonana, izany no azon'izy ireo. Eny, tompoko. Izany no azonareo.

168 Fa ny mpino dia te-hanala ny zavatra rehetra eo aminy. "Te-hanaisotra ny fahotana rehetra izy, ary ny mavesatra izay mora mahazo azy; ahafahany hihazakazaka amin'ny faharetana an'ilay hazakazaka izay napetraka eo anoloany, mijery an'ilay Mpanao sy Mpanefa ny Finoantsika, Jesosy Kristy." Hia. Mahatsiaro Azy, rehefa manaisotra ny mavesatra rehetra isika. Ireo vehivavy mamela ny volony haniry. Ireo lehilahy mijanona tsy ho Ricky, ary mandeha ao am-piangonana ary manao an'izay tsara, sy ireo karazan-javatra hafa rehetra ireo. Ary ireo pasitera miaraka amin'ny diakona eo amin'ny komitin'izy ireo, nanambady intelo na in-efatra; ary ireo zavatra rehetra ireo, manao marimaritra iraisana, satria mandoa betsaka izy ireo eo ambonin'ilay vilia sy ny rehetra; tsy maintsy milefitra eo amin'ny rafi-pandaminana iray satria izy ireo dia miteny aminareo fa *ity* Izany, nefa ny Baiboly milaza zavatra hafa. "Esory ny mavesatra rehetra."

Tsarovy Jesosy. Lasa tena tsy nalaza Izy.

169 Ilay Raby tanora no Anankiray amin'ireo Lehilahy malaza indrindra teto an-tany, tamin'ny andro izay Nanasitranany ny marary sy nanaovany ny zavatra rehetra ho tsara, nanao ny olona ho sitrana, sy nanome ny fahitana ho an'ny jamba, naneho tamin'ny olona, sy naneho an'Andriamanitra tamin'ny alàlan'izy ireo, tamin'ny alàlan'ny eritreritry ny sain'izy ireo manokana. Afaka niresaka tamin'izy ireo Izy. Raby malaza iray Izy.

170 Fa indray andro dia nipetraka Izy ary nanomboka niteny tamin'izy ireo ny Fahamarinan'ny Filazantsara. Tsy nalaza Izy nanomboka teo. Tsia, tsy mihitsy Izy. Ny zavatra voalohany

fantatrareo, dia lasa ilay vondrona rehetra. Ary avy eo dia hoy ireo fitopolo hoe, “Sarotra izany teny izany. Iza no afaka hahazo an’izany?” Dia lasa izy ireo.

Avy eo dia nitsangana Izy ka nanontany an’ireo mpianatra hoe, “Handeha koa ve ianareo?”

171 Hoy izy ireo hoe, “Handeha ho aiza izahay, Tompo? Ianao, irery. Nilaozanay ny rehetra. Vonona izahay, tsy mampaninona na inona ilay izy. Vonona ny handeha izahay.” Ndao isika hahatsiaro Azy tahaka an’izany.

172 Tsarovy, fa Izy no Ohatra ho antsika. Nanao ny zavatra rehetra Izy, nanameloka ny Fariseo rehetra, nanameloka ny zavatra rehetra an’izao tontolo izao, nandeha nanerana an’izao tontolo izao tsy nisy pentina iray teo Aminy. Izy no Zanak’ondry voadinik’Andriamanitra. Hoy Izy hoe, “Ity No Zanako malalako. Faly tsara Aho ao Aminy.” Niaina fiainana iray tahaka an’izany Izy.

173 Ary avy eo dia Nalainy ny fahotan’izao tontolo izao, ny fahotako sy ny fahotanareo, ka napetrany teo Aminy izany. Ary avy eo na dia ny hatsembohana aza dia nilatsaka avy teo amin’ny Handriny masina, tahaka ny teten-dRà, nipetaka teo. Tsy satria hoe meloka Izy, fa ny fahamelohako no nanao an’izany, sy ny fahamelohanareo.

174 Ary raha afaka manao an’izany ho ahy sy ho anareo Izy, dia ahoana no ahafahantsika mitsangana eo ambanin’ny dogma sasany sy ny fahadalan’izao tontolo izao, ary ny zavatr’ity andro moderina ity? Tokony hahatsiaro ny Tompontsika isika, hahatsiaro izay Naloany ho an’io vidin’ny famonjena io. Aza menatra ny amin’izany mihitsy. “Aoka ho vonona hanome tatitra ho an’ny olona rehetra ny amin’ny fanantenana izay mitoetra ao anatinareo.” Tokony hanao an’izany isika, rahalahy.

175 Tonga eo amin’ireo ora farany isika ankehitriny. Milentika ny masoandro. Avy any Atsinanana ny fandrosoana. Ankehitriny dia eo amin’ny Morontsiraka Andrefana izy. Tsy afaka mandeha lavitra intsony izy. Eo ny sakana, ary mivangongo ny fahotana rehetra an’izao tontolo izao, ka mikodiadia ao anatin’ny onja mahamenatra an’i Hollywood. Miantsambotra miverina ao amin’ny fiangonana mihitsy izany. Ary fotoana iray toy ny inona izany! Tokony hahatsiaro an’izany isika, rahalahy.

176 Tsarovy ny Tompontsika. Inona no ho Nataony raha nitsangana teto Izy androany? Ho nihazona an’ity Teny ity Izy. Eo afovoan’ny fakam-panahy rehetra, dia ho nijanona tamin’ity Teny ity Izy. Nataony izany. Izy no Ohatra ho anareo.

177 Rehefa nanatona Azy Satana ka nanao hoe, “Ovay ho tonga mofo ireto vato ireto,” dia hoy Izy hoe, “Voasoratra hoe. . . ” Hitanareo, miaraka amin’ny Tenin’ny Ray tsy ankitsahatra. Tsy maintsy mahatsiaro isika ka manao an’ilay zavatra iray ihany. Izy no Ohatra ho antsika. Eny, tompoko.

178 Ireo mpisorona tamin'izany andro izany dia hanana zavatra maro hotsarovana, ihany koa. Mahatsiaro an'izany izy ireo izao hariva izao ao amin'ny tontolon'ny very.

179 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, hiantso an'ireo mpisorona ireo ve ianao...? Mpisorona masina, izay, lehilahy masina izy ireo."

180 Ankehitriny, andraso iray minitra. Izy ireo no nanao ny tenany ho masina. Nanana fahamasinana sandoka izy ireo, toe-panahy sandoka izay tsy an'Andriamanitra marina tokoa. Niteny mazava tamin'izy ireo Jesosy hoe, "Ianareo dia avy amin'ny devoly rainareo, ary ireo asany no hataonareo." Ary niteny tamin'izy ireo Izy hoe inona izy ireo. Ary izy ireo dia manana betsaka hotsarovana, ihany koa. Satria, rehefa hitan'izy ireo io fanehoana tena izy an'ny Mesia io, izay nanaporofo fa Izy no Mesia, dia ninia nandà an'Izany izy ireo ary nilaza fa Izany dia fanahy ratsy iray izay manao an'izany. Hoy izy ireo, "Belzeboba izany."

181 Ary Jesosy dia nanambara fa fitenenan-dratsy izany. "Na iza na iza no hiteny teny iray manohitra ny Fanahy Masina dia tsy ho voavela mihitsy." Manana betsaka hotsarovana izy ireo. Aoka isika tsy haka ny toeran'izy ireo, rahalahy. Aoka tsy ho tahaka ny azy ireo ny anjarantsika.

182 Fa raha tsy maintsy hitovy aho, dia avelao aho ho tahaka an'i Natanaela, nanao hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely." Avelao aho hijoro ho isan'izy ireo. Avelao aho hitsangana.

183 Aoka ianareo vehivavy hitsangana tahaka an'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, toy ny ahoana no itsanganany izao hariva izao. Manana betsaka hotsarovana izy, araka ny noresahantsika. Nahita loharano iray izy.

184 Ary ankehitriny, ireo mpisorona ireo, izy ireo dia hanana... Nahoana izy ireo no nanao an'izany? Nohon'ny fialonana tsotra izao. Izay ilay fomba tokana. Nazoto tamin'ny fanekem-pinoany izy ireo. Izany izy ireo. Nazoto tamin'ny fombafombany izy ireo. Ny loholon'izy ireo dia nanangana fombafomba izay nifanohitra tamin'ny Teny, ary nazoto tamin'izany fombafomba izany izy ireo.

185 Rahalahy, aoka izaho sy ianareo tsy voatery hamaly ny amin'izany, mazoto amin'ny fombafomba rehetra. Ndao isika hahatsiaro an'i Jesosy, inona Izy. Mijanòna amin'izay Nolazainy. Nohon'ny fialonana tsotra izao, no nanaovan'izy ireo an'ireo zavatra ireo. Oh, zavatra iray toy ny inona! Eny, tompoko. Izy ireo...

186 Ilay lehilahy manan-karena dia manana zavatra maro hotsarovana, ihany koa. Natolotra azy ny fanararaotra handray an'i Jesosy Kristy, saingy tia ny fiderana avy amin'ny olona mihoatra noho ny fiderana avy amin'Andriamanitra izy. Ary,

tsarovy, milaza mazava ny Baiboly fa nahatsiaro an'izany izy rehefa maty ary tao amin'ny helo, ka niverina taminy ilay hafatra hoe, "Tsarovy, fa tamin'ny androm-piainanao, dia nanana an'ilay fanararaotra ianao."

187 Ary ry Phoenix, manana an'ilay fanararaotra ianareo. Nanana an'ilay fanararaotra izao tontolo izao. Aza avela hiampita eo amin'ny làlanareo izany ka ho diso amin'ny fahitana an'izany ianareo, tahaka ny nataon'i Heroda sy—sy—sy maro tamin'izy ireo.

188 Ankehitriny, asehon'izy ireo fa ireo mpisorona ireo dia nahafantatra tokoa hoe Iza Izy, satria i Nikodemosy no naneho an'izany rehefa tonga izy. Iray amin'ny lehiben'ireo Fariseo izy. Hoy izy hoe, "Raby, fantatray fa mpampianatra avy amin'Andriamanitra Ianao, satria tsy nisy olona afaka nanao an'ireo zavatra ireo raha tsy Andriamanitra no nomba azy." Hitanareo, fantatr'izy ireo izany. Fa, hitanareo, tsy maintsy nahatsiaro an'izany izy ireo. Nahafantatra tsaratsara kokoa izy ireo, saingy tsy nanao an'izany.

189 Ny fanekem-pinoanareo no navelanareo hihazona anareo, tsy hahazo ny batisan'ny Fanahy Masina, satria miteny aminareo izy ireo fa tsy misy ny zavatra tahaka an'izany.

190 Teto volana vitsivitsy lasa izay, tany amin'ny hopitaly aho mba hivavaka ho an'ny vehivavy iray, ao amin'ny tanànanay any Indiana. Ary nisy ramatoa kely iray nandry teo, te-hahitsy amin'Andriamanitra. Izy dia efa . . . Mpiverin-dàlana iray izy. Tonga tao amin'ny fiangonako izy indray mandeha. Nihemotra indray izy. Ary, mazava ho azy, demonia fito no niditra, ratsy noho ny hany naha-izy azy ireo. Ary nandry teo izy, tao amin'ny hopitaly, teo am-pahafatesana.

Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, tsy te-ho faty tahaka an'izao aho."

191 Dia hoy aho hoe, "Eny àry, ranabavy. Tsy voatery ianao, raha mbola manana faniriana iray foana ao am-ponao hanompo an'Andriamanitra. Tsy nandao anao mihitsy Izy. Ianao no nandao Azy, fa Izy tsy nandao anao mihitsy. Ankehitriny afaka ianao, raha vitanao."

Hoy izy hoe, "Izaho—te-ho afaka aho, Ranadahy Branham."

Hoy aho hoe, "Eny àry, hivavaka isika."

192 Nisy ramatoa hafa iray nandry teo, niaraka tamin'ny molony niroraka, nijery ahy tamin'ny . . . toy ny hoe afaka nihazakazaka hitety ahy izy, ary izy sy ny zananilahy. Nandry teo am-pandriana izy; handeha hankany amin'ny fandidiana iray, ny andro talohan'io. Dia hoy aho . . . Ary hitako izy nandeha, nijery ny zananilahy, nijery ahy.

193 Ary—ary hoy aho hoe, "Mampaninona anao ve raha hanao tonom-bavaka iray isika?"

Hoy izy hoe, “Sintony io lamban’efitra io.”

Hoy aho hoe, “Eny, izaho . . . Mpino ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Hoy aho hoe, ‘Sintony io lamban’efitra io.’”

Hoy aho hoe, “Nanontany anao fotsiny aho.”

Hoy izy hoe, “Omeko anao mba ahazoanao, Metodista izahay.”

Hoy aho hoe, “Eny, izany no maneho an’ilay izy arak’izany, hitanao.” Hitanareo?

194 Inona izany? Tsy te-hahita olon-kafa iray izy, io vehivavy mahantra, niverin-dàlana io hiverina amin’Andriamanitra. Ankehitriny, raha efa Metodista iray izy, dia ho hafa izany, hitanareo. Tsy nahatsiaro an’i Jesosy izy teo, hitanareo. Ny fanekem-pinoany fotsiny no tsaroany.

195 Tsarovy fotsiny. Eny àry. Oh, ho zavatra iray mahatsiravina toy ny inona izany amin’io Andron’ny Fitsarana io.

196 Herinandro vitsy lasa izay dia nandeha teo amin’ny tohatra mihodina iray aho tany Louisville. Nandeha ho an’ny fizahana iray aho, fizahana ara-batana, tany amin’ny dokotera sakaizako iray, mba hahazoana a—a—alàlana, noho izany raha te-handeha any ampitan-dranomasina miaraka amin-dRahalahy Rowe sy izy ireo avy hatrany aho. Ary noho izany dia nieritreritra aho fa haka ny ara-batako raha mbola manana anjara iray, dia niakatra aho.

197 Nisy—nisy lehilahy vitsivitsy niaraka taminay, niakatra tany amin’ny rihana. Niakatra izahay, teo amin’ny rihana valo teo, tany Louisville, ary tao amin’ny tranobe iray, ary, noho izany, ilay tranobe Heyburn. Ary rehefa tafakatra avo mihitsy araka izay tratranay aho, mba hijanona, ireto . . . Nisotro kely ny iray tamin’ireo lehilahy ireo, heveriko. Nijery manodidina izy, nanao hoe, “Eny, ry tovolahy, heveriko fa ity no avo izay hany hotratratsika.” Hoy izy, “Tsaratsara kokoa amintsika ny mivoaka.” Tsy nilaza na inona na inona mihitsy aho. Tsy fantany fa mpitory teny iray aho. Noho izany, niandry fotsiny aho mba hidina.

198 Hoy aho hoe, “Iray minitra fotsiny. Io fanamarihana izay nataonareo io.” Hoy aho hoe, “Raha matoky ny fahamendrehantsika manokana isika, dia ity no avo izay hany hotratratsika, saingy,” hoy aho, “raha hatoky an’i Jesosy isika, mahatsiaro Azy!” Amena.

199 Afaka mandeha ambony kokoa isika, rehefa mihoatra, araka ny nolazain’ireo mpihiran’i Rahalahy Outlaw indray hariva, an’i Jupiter, Venus, Neptune, Mars, ny Milky White Way, ary manohy, ary manohy, ary manohy. Tsy misy fahasamihafana. Any ankoatry ny rafitry ny masoandro rehetra, mankao amin’ireo lanitry ny Lanitra! Faly aho ny amin’izany.

200 Tsarovy fotsiny fa Izy dia nandeha ary tany ambonin'ireo zavatra tahaka an'izany. Eny. Raha matoky ny fahamendrehantsika isika, dia very tokoa. Fa raha matoky ny Fahamendrehany isika, dia voavonjy.

201 Oh, afaka mahatsiaro an'i Jesosy amin'ny Fahasoavany isika, hoe nanandratra antsika Izy ary nampanantena an'izany, hoe, na dia ankehitriny aza, izao ankehitriny izao, dia tsy voatery ho voafatotry ny tany isika. Hitanareo? Tsy voafatotry ny tany isika ankehitriny. Voafatotry ny Lanitra isika. "Efa maty isika. Miafina ao Aminy ny fiainantsika, amin'ny alàlan'i Kristy." Ary nitsangana niaraka Taminy isika; tsy hoe, isika dia tsy—tsy maty miaraka Aminy isika. "Nitsangana niaraka Taminy isika, ary mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra."

202 Mahatsiaro Azy, mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra! "Rahoviana, Rahalahy Branham?" Izao ankehitriny izao. Eny. Tsy hitsangana hiaraka Aminy isika. Efa nitsangana niaraka Taminy isika. Ity no Voaloham-bokatry ny fitsanganantsika: efa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, ary velona mandrakizay; mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy, efa nitsangana tamin'ny maty niaraka Taminy. Eny. Zavatra iray lehibe toy ny inona no mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra miaraka amin'i—miaraka amin'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra! Eny, tompoko. Afaka mahatsiaro Azy isika ankehitriny, sy ireo Fampanantenany rehetra izay Nataony ho antsika, raha mbola mipetraka eto mihitsy isika ankehitriny.

203 Nijery an'io famantaranandro etsy io aho, dia nieritreritra hoe "Oadray, tena manao tsara aho. Eo am-pamaranana aho eto ankehitriny, amin'ny fito ora." Nanana teo amin'ny pejy telo ambony teo aho an'ireo naoty, ary naveriko eto ambany *eto* izy ireo. Rehefa nijery ny famantaranandroko aho, dia hitako fa tsy tamin'ny fito ilay izy. Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Tena manao tsara aho." Taiza aho teo? Veriko ve io fotoana rehetra io? Fantatro fa izaho—nahatsapa ho tena tsara aho, saingy tsy fantatro hoe nahatsapa tsara tahaka an'izany aho. Ary—ary izaho dia . . . Nanohy nijery an'io famantaranandro io aho, ary nihevitra aho fa misy zavatra tsy mety ao, any ho any.

204 Eny, izany no hitranga, indray andro any, ry sakaiza. Hijanona ny fotoana. Ary handray ny fanidinantsika hankany amin'ny Mandrakizay isika, izay tsy misy fotoana intsony. Tsy hahafinaritra ve izany?

205 Fa raha mbola mipetraka eto isika ankehitriny, izay tsy midika na inona na inona amintsika ny fotoana, dia efa nasandratra any amin'ireo toeran-Danitra isika. Inona no azontsika tsarovana? Afaka mahatsiaro ny teny fikasana tsirairay izay Nataony ho antsika isika. "Raha mitoetra ao

Amiko ianareo, ary Ny Teniko ao aminareo, dia afaka mangataka an'izay tianareo ianareo." Marina ve izany?

206 Afaka mahatsiaro ny Masindahy Jaona 5:24 aho, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino," tsy hoe mody-mino, ankehitriny, fa, "mino Izay naniraka Ahy, dia manana," fotoana ankehitriny izany, "Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohan'ny Fitsarana, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Ary miaina ao amin'i Kristy Jesosy isika izao ankehitriny izao, mipetraka ao An-danitra. Izany no Nampanantenainy. Afaka mahatsiaro isika.

207 Afaka mahatsiaro isika hoe ahoana no Nitenenany, nampahafantarany ny Tenany ho ny Mesia teo anivon'ny olona. Nahita an'izany ireo mpino. Ary mahatsiaro isika, ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12, fa hoy Izy hoe, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa." Afaka mahatsiaro isika fa Izy no nampanantena an'izany.

208 Afaka mahatsiaro isika fa Izy no nampanantena fa amin'ny andro farany dia ho voaseho ao amin'ny nofon'olombelona ny Fanahy Masina, tahaka ny Nataony marina tokoa tany Sodoma talohan'ny nandoroana azy. Mahatsiaro isika fa Jesosy no nanao an'izany fampanantenana izany. Tsaroako izany. Izy no niteny an'izany. Jesosy no niteny an'izany. Mino an'izany mihitsy aho, raha nipetraka teo mihitsy aho ary Izy no niteny tamiko mikasika an'izany, satria *Eto* mihitsy izany, ary tahaka an'izany no inoako an'ity Teny ity. Tsaroako fa Izy no niteny an'izany. Izay ihany.

"Ireo asa izay Ataoko no hataony koa."

209 Tsaroako, namaky ny Soratra aho, indray alina, izay nilazan'i Jesosy, rehefa, "Manana zavatra maro hambara aminareo Aho, ho tenenina aminareo, saingy ianareo . . . Tsy afaka manao an'izany Aho ankehitriny. Fa rehefa tonga ny Fanahy Masina, hitanareo, dia Izy no hampahatsiaro anareo an'ireo zavatra ireo, ary amin'izay fotoana izay dia Izy no haneho aminareo an'ireo zavatra izay ho avy."

210 Tsaroako fa niteny ny Fanahy Masina ka nanao hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra noho ny sabatra roa lela, manindrona mba hampisaraka ny tsokan'ny taolana, ary Mpamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo."

211 Tsaroako fa nandalo teo amin'ny vahoaka betsaka Jesosy indray andro, ary nisy vehivavy kely iray nikasika ny Fitafiany. Ary nandeha teo ka nipetraka, ary nivoaka tao anatiny tao, nitsangana, na taiza na taiza nisy azy. Ary nitodika Jesosy ka nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?"

212 Fa, nihevitra i Petera fa lasa tany ivelan'ny Sainy Izy. Nilaza izy, eny, niteny mafy Azy ka nanao hoe, "Eny, ny olona rehetra mikasika Anao."

213 Hoy Izy hoe, “Saingy Tsapako. Lasa nalemy Aho. Lasa ny hery.” Nijery manodidina Izy, Hitany ilay vehivavy kely, noteneniny taminy ny fitsiha-dràny, ny finoany no namonjy azy.

214 Tsaroako fa ny Baiboly dia mampianatra, ao amin’ny Hebreo, fa Izy ankehitriny dia Mpisoronabe iray, oh, izay azo kasihan’ny fahatsapan’ny fahalementsika. Marina izany.

215 Tsaroako fa ny Baiboly no nilaza, ao amin’ny Hebreo 13:8. Mahatsiaro an’i Jesosy aho. Izy no nanao . . . Ao amin’ny Hebreo 13:8, hoy Izy hoe, “Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Oh, toy ny ahoana no ahafahantsika mahatsiaro Azy! Eny, tompoko. Oh, ahoana isika . . .

216 “Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; kanefa ianareo no hahita Ahy,” ilay Fiangonana, ilay mpino, “satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin’ny fahataperan’izao tontolo izao.” Marina izany. “Tsy handao anareo mihitsy Aho.” Oh, tsy zavatra iray izay mitranga androany fotsiny izany ary lasa rahampitso. Mandrakizay izany. “Tsy handao anareo mihitsy Aho. Tsy hahafoy anareo mihitsy Aho.” Oh, oadray! Hanao antsika hiantsoantso izany, hikiakiaka, hitomany.

217 Te-handinika an’izany am-pahamatorana isika. Tsarovy Jesosy, tsy amin’ny fomba kisendrasendra fotsiny. Izy no nampanantena an’izany. Ary raha tsy tsara izany, amin’izay fotoana izay dia tsy tsara ny Baiboly. Ary noho izany dia ho an’ny inona no ipetrahantsika eto? Ho an’ny inona mihitsy aza no iainantsika? Ho an’ny inona no iezahanareo? Ho an’ny inona ireo ezakareo? Ho an’ny inona no itsembohanareo? Raha misy iray marina amin’izany, mihitsy, dia na marina ny kely tsirairay amin’izany na tsy misy marina izany na iray aza. Tsarovy, ilay izy dia tsy ianareo na izaho, na ireo pasiteranareo, no nanao ny teny fikasana. Jesosy no nanao an’ireo teny fikasana ireo. Tsaroako fa Izy no nilaza an’izany.

218 Tsaroako fa Izy no nilaza hoe, “Mandehana any amin’izao tontolo rehetra izao ary mitoria ny Filazantsara amin’ny olombelona rehetra.” Hatraiza? “Izao tontolo rehetra izao.” Hia. Ny roa ampahatelon’izany dia mbola tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an’i Kristy. “Izao tontolo rehetra izao, amin’ny olombelona rehetra. Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino.” Tsaroako fa Izy no nilaza an’izany. Raha afaka mahatsiaro an’izany aho, dia ahoana no ahafahako hanaiky zavatra iray, arak’izany, izay milaza fa efa lasa izany andro izany? Tsaroako fa Izy no nilaza hoe, “Any amin’izao tontolo rehetra izao, ny olombelona rehetra. Ary izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino.”

219 Ahoana no ahafahako hametraka ny tenako miaraka amin’ny vondron’olona iray izay mandà an’izany Teny izany, nefa Andriamanitra niambina Ny Teniny, mba hanamarina

an'Izany? Ahoana no ahafahako hampifandray ny tenako amin'ireo tsi-mpino?

220 O Andriamanitra, avelao aho hahatsiaro an'i Jesosy. Avelao aho hahatsiaro ny toerana izay Noraisiny. Avelao aho hahatsiaro fa Izy no Mpamonjy ahy. Avelao aho hahatsiaro fa maty aho. Tsy misy intsony aho. Telo amby telopolo taona izay no nahafatesako. Kristy no velona ato anatiko.

221 Ary raha mijery aho ka mahita azy manao zavatra tsy azo ekena, sy tsy mety, dia fantatro fa tsy mbola maty mihitsy aho; mbola velona foana i William Branham; mbola velona foana ianareo. Raha mbola tsy mankatò ny Didiny foana ianareo, amin'izay fotoana izay dia mbola velona foana ianareo. Fa rehefa mankatò ny Didiny ianareo, "Raha tia Ahy ianareo, dia tandremo ny Teniko."

222 Mahafinaritra toy ny ahoana, ny mieritreritra fa Izy no nampanantena an'ity! "Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Tsy hahita Ahy izao tontolo izao, fa ianareo no hahita Ahy." Oh! "Na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo, dia ho eo afovoan'izy ireo Aho." Mahatsiaro an'izany aho. Mahatsiaro an'izany ve ianareo, rahalahy? [Hoy ny rahalahy hoe, "Amena."—Mpand.]

223 "Ary ireo asa izay Ataoko, no hataon'izy ireo koa." Karazana asa inona no Nataony? Eo ianareo izao. Hitanareo?

224 "Oh, eny, mazava ho azy, ankehitriny, Rahalahy Branham, ho an'ny andro iray hafa izany. Izany dia—tsy izany ilay izy."

225 Mahatsiaro aho fa izany no Nolazainy. Tsy mahatsiaro an'izay nolazainareo aho. Lasa izany rehetra izany, hitanareo, fa mahatsiaro an'izay Nolazainy aho. Hitanareo? "Izay hanaraka Ahy dia handà ny tenany," mandà an'ireo eritreriny manokana, mandà ny fisainany manokana. Afaka mandà ny rainareo ianareo, ny reninareo, ny vadinareo, ny zanakareo; fa misy zavatra tena misy ka tsy azonareo lavina Izany. Mihazona anareo Izany. Ary eto Izy.

226 Ankehitriny dia ndao isika hahatsiaro fotsiny ny teny fikasana tsirairay izay Nataony, raha manondrika ny lohantsika isika.

227 Ry Rainay any An-danitra, nisy fangatahana maro fotoana vitsy lasa mihitsy izay. Nitsangana nanerana ny tranobe rehetra ireo tànana. Fa, Ray, Ianao no Andriamanitra velona. Ary mivavaka Aminao aho, Tompo Jesosy, mba hitahy an'ireto olona ireto. Enga anie Ny Fanahinao Masina hitoetra eo amin'izy ireo, hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay, hanome azy ireo an'izay ilainy.

228 Aoka izahay hahatsiaro, fa Ianao no nanao ny teny fikasana. Ianao no ilay anankiray izay tompon'andraikitra amin'izany teny fikasana izany. Aoka izahay hahatsiaro, tsy mampaninona

izay lazain'ny olon-kafa rehetra, Ianao no ilay Anankiray. Ianao no ilay Anankiray izay ianteheranay, mba hanatanteraka ny Fampanantenanao. Ianao no ilay Anankiray izay nilaza, hoe, "Izay mino Ahy, na dia maty aza izy dia ho velona. Na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mihitsy." Mahatsiaro aho fa Ianao no nilaza an'izany, Tompo.

229 Ary avy eo dia nilaza Ianao, fa ireo izay tena nino Anao... Ankehitriny, nilaza Ianao, fa raha mino izahay, dia nanana Fiainana Mandrakizay. Ary Ianao no nilaza, fa ireo izay tena nino Anao, ireo asa izay Nataonao no hataon'izy ireo koa.

230 Ankehitriny, Ray, fantatray fa Ianao no Andriamanitra, ary fantatray fa tsy misy hafa afa-tsy Ianao. Ary mino Anao izahay, ary matoky Anao izahay ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Ankehitriny, miaraka amin'ny lohanareo miondrika.

231 Firy ato amin'ity tranobe ity no mahafantatra fa tsy mahatsiaro ny Tomponareo amin'ny fomba tokony hahatsiarovanareo Azy ianareo? Ary amin'ny faran'ity Hafatra kely, tapatapaka ity, dia vonona ny hanangana ny tànanareo ianareo ka hanao hoe, "Andriamanitra, ataovy tena misy amiko ny Tenanao ka hahatsiaro Anao aho eo amin'ny... Ho eo amin'ny andrim-pandriako ny Didinao? 'Ataoko eo anatrehako mandrakariva ny Tompo,' araka ny nolazain'i Davida. Tompo, omeo bebe kokoa ny Aminao aho, mba ahafahako hahatsiaro Anao." Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mivavaha ho ahy, rahalahy." Saiky iraisan'ny rehetra izany hatraiza hatraiza. "Tompo Jesosy, mamindrà fo amiko."

232 Ankehitriny, misy ve eto izao hariva izao ireo izay tsy mbola niaiky Azy ho Tomponareo mihitsy? Ary ankehitriny dia mety hitsangana eo Anatrehany ianareo... Ary efa niteny taminareo izahay, fotoana vitsy lasa fotsiny izay, fa Izy no nampanantena, fa, "Na aiza iangonan'ny roa na telo, dia ho eo afovoan'izy ireo Aho." Ankehitriny, Izy no nampanantena an'izany. Noho izany, tsy maintsy ho eto Izy. Ary tsy mbola nanaiky Azy ho Tomponareo mihitsy ve ianareo?

233 Hanao an'ilay zavatra tsy voahevitra izay nataon'i Heroda ve ianareo? Hanome an'io fanolorana izay nataon'i Pilato io ve ianareo, mba handefa Azy any amin'ny olona iray hafa? "Ny reniko, Kristiana iray izy. Ny dadako manana fivavahana ampy ho anay rehetra." Hanao an'izany ve ianareo? "Vehivavy mpivavaka ny vadiko."

234 Ahoana ny aminareo? Hanangana ny tànanare ve ianareo ka hanao hoe, "Andriamanitra, tsarovy aho. Mpanota aho, ary tehahitsy Aminao. Hanangana ny tànako aho"? Tànana firy no ato izay tahaka an'izany? Misy ve... Ny tianareo lazaina ve dia hoe tsy misy mpanota iray ao amin'ny tranobe? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa, eto.

Eo ianareo izao. Nihevitra aho fa nisy zavatra tsy nety teto. Izaho. . .

235 Azonareo, fa, Jesosy no nilaza fa teto Izy. Ary Fantany ny eritreritrareo, hitanareo, ao am-ponareo. Misaotra anareo nohon'ny fahatsoram-ponareo. Raha ny marina, dia misy maro no tokony hanangana ny tànany.

236 Fa hanangana ny tànanareo àry ve ianareo? Manaova hoe, "Re-. . .Rahalahy Branham, izaho—milalao an'ilay ampahan'ny fihatsarambelatsihy fotsiny aho. Mandeha any am-piangonana aho. Fa rehefa tonga marina tokoa eo amin'ny hoe nateraka indray ilay izy, dia mikambana amin'ny fiangonana fotsiny aho. Tsy mahafantatra marina an'i Kristy tokoa aho. Mbola tia an'izao tontolo izao foana aho tahaka ny nataoko hatramin'izay. Izaho—izaho fotsiny. . .Oh, faly aho ny mandeha, mihaino hafatra iray na zavatra. Fa rehefa tonga marina tokoa eo amin'ny hoe maka fotoana sy tia mandeha, ka mandany an'ireo ora amin'ny vavaka miaraka Aminy ilay izy, ary mifandray Aminy, mahatsiaro Azy, izaho—tsy manao an'izany aho. Tsy manana faniriana hanao an'izany akory aza aho. Fantatro arak'izany, Rahalahy Branham, fa tsy afaka ny hahitsy aho ary hanana an'izany karazana fihetseham-po izany. Noho izany, dia manangana ny tànako amin'Andriamanitra aho hoe, 'Mamindrà fo amiko.'" Atsangano ny tànanareo. Aoka hahitsy fo amin'izany. Marina izany. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. Eny, tompoko. Ny Tompo hitahy anao. Amena.

237 Miandry fotsiny aho, hahita raha hanambara zavatra hafa ny Fanahy Masina. Andriamanitra hitahy anao tompoko. Andriamanitra hitahy anao. Azo antoka. Tiako Izy hizaha ny fonareo fotsiny. Izany no maha-eto Azy. Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa kely. Tena tsara izany.

Raha mieritreritra an'izany fotsiny ianareo, dia raiso am-pahamatorana izany ankehitriny.

238 "Oh, Rahalahy Branham, izaho—tsy maintsy mody haingana aho." Henoy. Ianareo dia handeha haingana hiala amin'ity fiainana ity, indray andro any, ihany koa. Hitanareo? Eritrereto izany ankehitriny. Izao no ora. Izao no fotoana.

239 Hoy ianareo, "Eny, teneniko aminao. Ny pasiteranay, izy dia—izy dia lehilahy mamiratra iray, tena nianatra. Aleoko mandre an'izany avy amin'ny. . . "

240 Tsy manao fahasamihafana ny hoe iza no mitondra an'ilay Hafatra. Ilay izy dia—tsy ilay iraka izany. Ilay izy dia ny Hafatra izay renesinareo. Hitanareo? Tsy mampaninona na karazana lehilahy inona no handeha eo amin'ny varavarana ka—ka manome hafatra iray ho anareo hoe—hoe ianareo—nandova iray tapitrisa dolara ianareo, ianareo dia hanaiky an'ilay—ilay vola. Ekeo ny famelàna anareo.

241 Miaraka amin'ny lohanareo miondrika ankehitriny, sy ny masonareo mikimpy, dia hanontany zavatra aminareo tena am-pahatsoram-po aho. Ary tiako ianareo hiteny amiko ny fahamarinana.

242 Ry vehivavy, ianareo manao volo fohy, firy no mahatsapa marina tokoa fa tokony hanana volo lava ianareo? Atsangano ny tànanareo ary manaova. . .Andriamanitra hitahy anareo. Tsara izany. Fantatro fa nahatsapa ianareo. Izaho—izaho. . . Misy fanantenana ho anareo. Fa rehefa tena mafy fo ianareo, ka tsy afaka hanao an'izany, dia tsy mahatsapa ho voaheloka akory aza ianareo, hitanareo, amin'izay fotoana izay dia misy zavatra mitranga aminareo. Satria, ny Teny no nilaza fa tokony ianareo.

243 Firy, ianareo vehivavy, manao sorta sy ireny akanjo ireny, na mifoka sigara; ary—ary ianareo lehilahy, ihany koa, izay mahafantatra fa manao ratsy ianareo? Ary manao hoe, "Tsy tehanao an'izany aho, Rahalahy Branham. Tia an'Andriamanitra marina tokoa aho, saingy io—mamikitra amiko fotsiny io zavatra io. Ary fantatro fa zavatra ratsy izany. Hanangana ny tànako aho. Eo—eo am-pananganana ny tànako, dia mangataka amin'Andriamanitra aho mba hanaisotra an'izany amiko." Atsangano ny tànanareo. Aoka hahitsy fo. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. Hia. Marina izany.

244 Izany no fahatsoram-po. Marina izany. Hanome antsika fivorian'ny fanasitranana Andriamanitra afaka iray minitra, eo amin'izany fahatsoram-po izany. Afaka mino an'izany isika. Manàna finoana an'Andriamanitra.

245 Ray any An-danitra, Hitanao ireo tànana. Fantatrao ireo toeran'ny olona. Fantatrao izay rehetra ao am-pon'izy ireo, Tompo. Mivavaka aho mba Hanomezanao famelàna ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Ary, ankehitriny, dia omeo azy ireo ny fanirian'ny fony. Esory ny alahelon'izy ireo. Ataovy izany, Tompo, izay ilain'izy ireo ho fantatra. Mivavaka aho mba Hanekenao an'izany ho azy ireo, amin'ny alàlan'ny Anaran'Ny Zanakao malalanao, Jesosy Tomponay. Mangataka an'izany izahay ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Apetrako Aminao izy ireo, Andriamanitra Ray, mba Hanatanterahanao ny Asanao ao amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

246 Ankehitriny, raha mampitraka ny lohanareo ianareo, firy no mahatsapa fahasamihafana betsaka mikasika an'izany? Atsangano fotsiny ny tànanareo, manaova hoe, "Mahatsapa fahasamihafana betsaka aho." Ankehitriny, firy no mahafantatra fa Izy no nampanantena hoe Izy—Izy no "ilay Tompo izay manasitrana ny aretintsika rehetra"? Mino an'izany ve ianareo? Hino ve ianareo?

247 Firy aminareo no mino fa Izy no nampanantena an'ity, hoe, "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo no hahita Ahy"? Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny

fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Mino àry ve ianareo fa azo atao izany, raha hoy ny Hebreo 13:8 eto hoe, “Jesosy Kristy, tsy miova omaly ary mandrakizay,” mino ve ianareo fa azo atao ny ahafahantsika hahita an’Andriamanitra? [“Amena.”] Ahoana no hahitantsika Azy? Amin’ny fanehoan’Ny Fanahiny, Ny Tenany velona. Hino an’izany ve ianareo? [“Amena.”]

248 Hangataka an’ireo rahalahiko eto aoriana eto aho mba tsy hivavaka eo amin’izany, mivavaha ho ahy fotsiny. Aoka ny mpanatrika, amin’ity fotoana ity . . . Ho tonga eo amin’ilay fivoriana isika afaka andro vitsivitsy, ary ho tratrantsika angamba izany.

249 Tiako ity mpihaino ity ho ao amin’ny fifehezana anankiray. Te-haka an’ireo fanahy ireo ho eo ambanin’ny fifehezako aho, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, ho an’ny Voninahiny, mba ahafahan’Ny Fanahiny hiasa sy hanaporofo aminareo fa mbola velona foana Izy.

250 Raisiko Ny Teniny eto. Izao no voalaza hoe, Masindahy Jaona, Masindahy Jaona ny toko faha-14 ary andininy faha-12, dia nanao hoe, “Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa.” Mino an’izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

251 Noho izany, ny tsirairay avy aminareo olona eo, izay marary na manana ilaina, na mila zavatra, dia mivavaha. Kasiho fotsiny, tsarovy, ny moron-tongotry ny Fitafiany. “Izy no Mpisoronabe izay azo kasihan’ny fahatsapan’ny fahalementsika.”

252 Milaza an’izany ve ny Baiboly, rahalahy? [Hoy ny rahalahy hoe, “Amena.”—Mpand.]

253 Noho izany dia ahoana no Hihetsehany, raha Izy no Mpisoronabe? Ilay fomba iray ihany izay Nihetsehany fony Izy teto an-tany, satria Izy no ilay Mpisoronabe iray ihany. Ahoana no Hanaovany an’izany? Raha ny Vatany no ilay Fanatitra eo amin’ny Seza fiandrianan’Andriamanitra, dia ahoana no Ahafahany hanao an’izany? Nandefa Ny Fanahiny indray Izy, ny Fanahy Masina. “Ary Izy handray an’ireo zavatra izay Ahy, ka haneho azy ireo aminareo.” Ankehitriny, raha tianareo ny hahita raha Andriamanitra . . .

254 Ny antony ampifotorako an’ity eo ambonin’izany, mahafantatra an’izao, fantatro fa ny Hafatra izay toriako amin’ny olona dia ny Fahamarinana. Izaho—izaho—mino an’izany amin’ny foko rehetra aho. Na dia, mandidy Izany *eto*, kely fotsiny tahaka an’*izao*; tsy ny ho ratsy fanahy, tsy ny ho hafa, fa ny hahitsy fo. Ary, noho izany, fantatro fa Izy no nilaza an’izany. Raha naka an’ireo zavatra izay an’Andriamanitra Izy . . . Ary ity dia tokony hanao anareo hahafantatra an’izany. Raha mandray an’ireo zavatra izay an’i Kristy Izy, ka maneho an’izany aminareo, sy maneho aminareo an’ireo zavatra ho avy,

ary manao an'ireo tena asa izay Nataony mihitsy, dia izany no Fanahy Masina. Tsy maintsy.

255 Mivavaha ankehitriny, ka kasiho ny Fitafiany. Hanolotra ny tenako ho Azy aho, ary hahita izay Holazainy aminareo. Mivavaha fotsiny.

256 Misy ve eto izay mbola tsy tao amin'ny fivoriana mihitsy tany aloha? Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Eny, betsaka.

257 Tsarovy, fa tsy nihambo mihitsy i Jesosy Kristy na indray mandeha aza hoe manasitrana ny olona. Hoy Izy hoe, "Tsy Izaho no manao an'ireo asa. Ny Raiko izany," ary ao amin'ny Masindahy Jaona, ny toko faha-5 ary ny andininy faha-19.

258 Rehefa nandeha nitety ny farihin'i Betesda Izy, dia nisy vahoaka betsaka nandry teo, olona maro, angamba an'arivony nandry teo, mandringa, jamba, kilemaina, folaka, Nandeha nankany amin'ny lehilahy iray izay voan'ny aretin'ny prostaty angamba Izy, na mety ho voan'ny raboka. Naharitra ilay izy, valo amby telopolo taona no nananany an'izany. Ary niteny taminy Izy hoe, "Betao ny fandrianao ary modia any an-trano."

259 Afaka nandeha ilay lehilahy. Hoy izy hoe, "Rehefa midina aho, dia olon-kafa . . . " Ary nisy olona teo izay ratsy lavitra noho izy.

260 Saingy fantatr'i Jesosy fa teo izy, ary fantany fa tao anatin'izany toerana izany izy. Rehefa nanontaniana Izy, dia hoy Izy hoe, "Marina tokoa, Lazaiko aminareo, ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenany. Fa izay Hitany ataon'ny Ray, dia izany koa no ataon'ny Zanaka."

261 Izany ilay Toerany iray ihany androany. Tsy nisy mpaminany, tsy nisy olona hany nahay nanao na inona na inona tany ankoatry ny fahamasi-mandidin'ny sitrapon'Andriamanitra, marina izany, izay tian'Andriamanitra.

262 Tsy fantatro. Tiako, raha . . . Izany ilay antony. Fantatro fa mipetraka eto ireto andiana mpitoriteny ireto. Tsy dia betsaka loatra *eto* no fantatro. Raha mahita Azy eo ambonin'ny olona iray aho, dia hiezaka aho ny, raha tiany, hiteny amin'ny olona fa fantatro izy ireo.

263 Mivavaha ianareo, ary jereo raha mbola ilay Mpisoronabe azo kasihana foana Izy. Izany no hametraka Azy eto anatrehantsika mihitsy, ary ho hitanareo fa eto Izy. Marina ve izany? Manaova, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hanao Azy ho eto tokoa izany. Manàna finoana fotsiny.

264 Indro misy ramatoa kely iray mipetraka eto miaraka amin'ny lohany miandrandra eny amin'ny habakabaka, mivavaka mafy arak'izay vitany. Manao palitao maitso izy, mipetraka eo mihitsy. Mivavaka ho an'ny aretina iray izay ao amin'ny lohany izy. Izay izy . . . Manelingelina azy izany. Marina ve izany,

ramatoa? Atsangano ny tànanao raha marina izany. Raha vahiny aminao aho, dia ahofahofaho mandroso sy miverina ny tànanao. Niala taminao ilay izy ankehitriny.

265 Hono ho'aho, hahita sitraka aminao ve aho raha mbola eo ianao? Nifindra nankeo amin'ilay ramatoa mipetraka eo akaikinao io Hazavana io. Mivavaka koa izy. Te-hanontany zavatra aminao aho. Hoy ianao hoe, "Tsarovy aho, Tompo." Eny àry, nahatsiaro Izy. Mijaly amin'ny aretin'ny taolan'orona ianao. Raha marina izany, atsangano ny tànanao, ary ahofahofaho ny tànanao. Eny àry. Eo ianareo izao. Hitanareo?

266 Mino ve ianareo? Ankehitriny, "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao." Anontanio ireo vehivavy ireo. Hitanareo izy ireo. Anontanio izy ireo raha mahafantatra azy ireo aho.

267 Indro, indro mipetraka eto ny lehilahy tanora iray, mivavaka ho an'ny rainy izy. Tsy nahafantatra anao mihitsy aho. Tsy fantatro hoe iza ianao. Tsia. Tsy mahafantatra na inona na inona momba anao aho. Fa mivavaka ho an'ny rainao ianao. Tsy eto izy. Any ampitan'ny rano be any ho any izy. Mijaly amin'ny aretim-bavony izy. Any Puerto Rico izy. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Minoa.

Hitanareo ve izay tiako lazaina?

268 Ity misy ramatoa iray mipetraka eto, toy ny hoe liana, ilay satroka mena. Rtoa. Aldridge, Aldridge. Ah-hah. Hia. Mijaly amin'ny aretim-po izy. Mino ve ianao fa hanasitrana anao Andriamanitra? Eny àry.

269 Hahita sitraka aminao ve aho? Misy ramatoa iray mipetraka eo akaiky eo, amin'ny anarana hoe, Rtoa. Cook. Tratry ny aretina eo amin'ny ranjony Rtoa. Cook. Marina izany. Rtoa. Cook, atsangano ny tànanao. Raha vahiny tanteraka aho, dia atsangano ny tànanao. Eny àry. Manàna finoana an'Andriamanitra.

270 Apetraho amin'ilay vehivavy eo akaikiny ny tànanao. Izy no Ramatoakely Russell. Mijaly amin'ny aretin'avokavoka izy. Atsangano ny tànanao, Ramatoakely Russell, ary minoa an'izany amin'ny fonao rehetra, raha vahiny aminao aho.

271 Ahoana ny amin'ilay manaraka? Hia. Ny zavatra tokana tokony ananananao dia ny finoana.

272 Ilay ramatoa eo akaikiny dia mijaly amin'ny aretim-bavony, ihany koa, ary ny anarany dia Rtoa. Dillman. Raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, dia afaka hahazo.

273 Rtoa. Harmon, mipetraka eo akaikiny, vao avy tany amin'ny hopitaly mihitsy. Izy dia nahazo fa—fandidiana iray ho an'ny—ny aretin'ny tsinaibe. Mino ve ianao, Rtoa. Harmon? Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao, dia afaka mody ianao, ho salama tsara.

274 Firy no mino ankehitriny?

275 "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao." . . . ? . . . Inona no ezahako lazaina? Tsarovy, Jesosy no nampanantena. Hoy Jesosy hoe, "Homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa." Mahatsiaro fa Jesosy no nampanantena an'ireo zavatra ireo, Jesosy no manao azy ireo hiseho.

276 Ankehitriny, izao koa, tsarovy fa Jesosy no nampanantena, hoe, "Izay mino Ahy no manana Fiainana mandrakizay." Ianareo izay nanangana ny tànanareo, vao teo, aorian'ity asampanasitranana ity dia handroso eto ve ianareo ankehitriny ka hitsangana eto ho an'ny vavaka? Izy no nampanantena fa hanome Fiainana Mandrakizay tahaka ny Nampanantenany fanasitranana.

277 Ankehitriny, efa fantatrareo ve fa nampanantena an'ity koa Izy? "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo dia ho sitrana ireny." Mino an'izany ve ianareo? Ankehitriny mifametraha tànana ianareo arak'izany. Hitanareo, eto Izy. Tsy afaka manasitrana anareo aho. Efa Nataony izany. Ankehitriny apetraho eo amin'ny olona iray ny tànanareo, ary mivavaha ho an'olona iray, eo akaikinareo eo mihitsy. Amena.

278 Ankehitriny dia aondreho ny lohanareo ary mivavaha tahaka ny ataonareo ao amin'ny fiangonanareo fotsiny. Mivavaha hoe, "Tompo Andriamanitra, sitrano ity olona ity. Mivavaka ho ahy ity olona ity." Ary angataho fotsiny Andriamanitra hanasitrana sy hanao ho salama. Minoa an'izany amin'ny fonareo rehetra. "Tompo, mino an'i Jesosy Kristy aho, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Tsy mety diso Ny Teniny.

279 Tsarovy, fa Izy no nampanantena hoe, "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy izao tontolo izao." Tsy mahita Azy any amin'ilay hazakazak'alika izy ireo izao hariva izao. Tsy mahita Azy any amin'ny fampisehoana sarimihetsika izy ireo. Tsy mahita Azy ao amin'ireo fiangonana ara-pototra ireo izy ireo. Fa ianareo no mahita Azy. Eto Izy. Tsarovy, fa Izy no nampanantena an'izany, ary eto Izy hamaly ny vavakareo sy hanome anareo ny fanirian'ny fonareo.

Mifametraha tànana ka mivavaha.

280 Tompo Jesosy, tamy aho, mahatsiaro fa Ianao no nilaza hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo." Ary roahiko hiala amin'ity mpanatrika ity ny fanahin'ny tsi-finoana rehetra, hiala amin'ireto olona ireto, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

63-0122 Mahatsiaro Ny Tompo
Southside Assembly Of God
Phoenix, Arizona U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org